



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

Boky

torolalana hanofanana

ireo mpiantsehatra ifotony

mahakasika ny fahasalaman'

ny zatovo sy ny tanora



FIZAHAN-TAKILA

FIZAHAN-TAKILA.....	1
FANOLORANA.....	3
FANAFOHEZAN-TENY.....	4
FAMPIDIRANA.....	5
TOROLALANA ANKAPOBENY.....	6
LOHAHEVITRA A : FAMPIDIRANA.....	8
Taranja 1	
ZAVA-MISY MAHAKASIKA NY FAHASALAMAN'NY ZATOVO ETO MADAGASIKARA.....	8
Taranja 2	
ANDRAIKITRA SY TOETRA TAKIANA AMIN'NY MPIANTSEHATRA IFOTONY.....	9
TAHIRIN-KEVITRA.....	9
TAHIRIN-KEVITRA.....	13
LOHAHEVITRA B : FIFANDRAISANA MAHOMBY.....	13
Taranja 1	
ZO FOTOTRA MAHAKASIKA NY FAHASALAMAN'NY ZATOVO SY NY TANORA.....	15
TAHIRIN-KEVITRA.....	15
Taranja 2	
TEKNIKA AMPIASAIN'NY MPIANTSEHATRA IFOTONY (CIP, VAD, DIALCOM = FAOBE).....	16
TAHIRIN-KEVITRA.....	16
Taranja 3	
SINGA DIMY MAMPIRISIKA OLONA IRAY HIOVA TOETRA.....	21
TAHIRIN-KEVITRA.....	21
Taranja 4	
DINGANA AHATONGAVANA AMIN'NY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MANKANY AMIN'NY FANDRAISANA ANDRAIKITRA.....	22
TAHIRIN-KEVITRA.....	22
Taranja 5	
FAHAIZANA MIFANDRAY AMIN'NY RAY AMAN-DRENY.....	22
Taranja 6	
FOMBA FAMPIASANA FITAOVAM-PANENTANANA.....	23
TAHIRIN-KEVITRA.....	23
TAHIRIN-KEVITRA.....	23
LOHAHEVITRA D : NY FAHASALAMAN'NY ZATOVO SY NY TANORA.....	25
Taranja 1	
DINGAM-PIVOARANA VOAJANAHARY MIFANDRAY AMIN'NY FAHASALAMANA ARA-	

PANANAHAN'NY ZATOVO SY NY TANORA.....	25
TAHIRIN-KEVITRA.....	25
Taranja 2	
FISOROHANA IREO ARETINA AZO AVY AMIN'NY FIRAISANA ARA-NOFO SY NY VOHOKA ALOHA LOATRA.....	26
TAHIRIN-KEVITRA.....	27
Taranja 3	
FISOROHANA VOHOKA TSY IRINA SY FANALAN-JAZA.....	29
TAHIRIN-KEVITRA.....	29
Taranja 4	
FANDRAISANA AN-TANANA NY TANORA MITONDRA VOHOKA.....	31
TAHIRIN-KEVITRA.....	31
Taranja 5	
FANJARIANTSAKAFO.....	39
TAHIRIN-KEVITRA.....	39
Taranja 6	
FIDIOVANA SY FOMBA FIAINA.....	42
TAHIRIN-KEVITRA.....	43
Taranja 7	
ADY AMIN'NY FIDOROHANA NY ZAVAMAHADOMELINA.....	45
TAHIRIN-KEVITRA.....	45
Taranja 8	
ADY AMIN' NY HERISETRA AMIN'NY ENDRINY ISAN-KARAZANY.....	46
TAHIRIN-KEVITRA.....	46
Taranja 9	
FISOROHANA NY HOMAMIADAN'NY VOZON'NY TRANON-JAZA.....	47
TAHIRIN-KEVITRA.....	47
LOHAHEVITRA E : DRAFITRASA SY FITANTANANA.....	49
Taranja 1	
FAMOLAVOLANA DRAFITRASA.....	49
Taranja 2	
FAMPIASANA FITAOVAM-PITANTANANA (85 MN).....	51
Taranja 3	
FANDREFESANA NY TONDRO.....	54
TOVANA.....	55

Ny fampahafantarana sy ny fampandraisana anjara mivantana ny mpiara-monina ny amin'ny mahakasika ny Fahasalaman'ny Zatovo sy Tanora dia ahafahana misoroka ny fahasaratana mety hitranga eo amin'ny toe-pahasalaman'izy ireo sy izay mety ho fiantraikan'izany amin'ny ho aviny iray manontolo.

Narafitra ary ity tahirinkevitra hanofanana mpiantsehatra ity teo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Fahasalaman-bahoaka sy ireo Mpiara-miombon'antoka aminy, mba ho tantsoroka ho an'ireo mpiantsehatra ifotony eny anivon'ny fiaraha-monina ho fanampiana azy ireo amin'ny fanatanterahana ny asany.

Koa mirary ny faharisihana feno sy ny fahombiazana tanteraka aho ho anareo mpiantsehatra ifotony eo amin'ny fampiharana izay voarakitra ao anatin'ity tahirinkevitra ity, mba hisian'ny vokatra tsara indrindra hatrany.

Manolotra ny fisaorana ho an'ireo rehetra nifanome tàmàna tamin'ny fanoratana ity boky ity, ary manainga ireo mpiara-miasa sy Mpiara-miombon'antoka rehetra amin'ny Ministeran'ny Fahasalaman-bahoaka, mba hampiasa izany eo amin'ny fanatanterahana ny fanofanana ireo mpiantsehatra ifotony, mba ho fanampiana azy ireo amin'ny fampivoarana sy fampiroboroboana ny Fahasalaman'ny Zatovo sy ny Tanora malagasy.

Ny Ministry ny Fahasalaman-bahoaka



Professeur RANTOMALALA Harinirina Yoël Honora

- AAF** : Aretina Azo avy amin'ny Firaisana ara-nofo
- AC** : Agent Communautaire na Mpanentana ara-pahasalamana.
- CCDS** : Commission Communale pour le Développement de la Santé
- CSB** : Centre de Santé de Base
- DAV** : Dinika Atao amin'ny Vondron'olona
- ENSOMD** : Enquete Nationale de Suivi des Objectifs Millénaire de Développement
- FFF** : Fomba Fandrindrana Fiainam-pianakaviana
- IST** : Infection Sexuellement Transmissible
- Sida** : Syndrôme de l'immuno déficience acquise
- VAD/DIO** : Vangivangy Arahan-Dinika/ Dinika Ifanaovan'Olon-droa
- VIH** : Virus Immuno-déficience Humaine

Vahoaka salama no afaka mampandroso ny firenena. Ny tanjon'ny Fandrosoana lovain-jafy laharana fahatelo dia mamaritra fa «Tokony hanana fahasalamana sy fahatsaram-piainana ny olona rehetra».

32% n'ny Malagasy dia tanora eo anelanelan'ny 10 hatramin'ny 24 taona ka mendrika ny hotohanana, indrindra amin'ny lafiny ara-pahasalamana. Na dia efa tanjona napetraka ihany koa ny fampihenana ny taha-pahafatesan'ny Reny sy ny Zaza, dia tsapa fa mbola mitombo ny isan'ny Reny sy ny Zaza maty. Mampivarahontsana ny fahafantarana fa vehivavy folo isan'andro no maty eo am-piterahana ka tanora ny 3 amin'izy ireo. Mbola latsaky ny 15 taona ny 9% n'ny zatovolahy ary mbola latsaky ny 18 taona ny 50% n'ny zatovovavy dia efa miroso sahady amin'ny firaisana ara-nofo (fanadihadiana ENSOMD 2012-2013).

Manampy trotraka an'izany ny tsy fanajana ny hasin'ny aina, ny tsy fitsinjovana ny hoavy, ny tsy fahampian'ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny Ray aman-dreny sy ny zanaka, ny firongatry ny herisetra isan-karazany eo anivon'ny fiarahamonina, indrindra mianjady amin'ny zatovolahy sy zatovovavy ary ny fahaverezan'ny Soatoavina sy ny Fahendrena malagasy.

Ataon'ny fitondram-panjakana sy ny mpiara-miombon'antoka vaindohan-draharaha ny fanarenana izany zava-misy izany. Anisan'ny ezaka ny fanofanana ireo mpanentana ara-pahasalamana eny anivon'ny fiaraha-monina sy ny Mpanabe olon-tsahala. Mitaky fahaiza-manao ny andraikitra iantsorohan'izy ireo mba ahafahany manatanteraka ny asam-panentanana.

Novolavolaina ity torolalam-pampiofanana ity mba hanampiana azy ireo handresy lahatra ny tanora amin'ny fiovam-pitondrantena hananan'ny zatovolahy sy ny zatovovavy malagasy ho avy mamiratra amin'ny lafiny maha olona manontolo.

Manazava ny tokony atao rehetra rehefa hitondra ny fiofanana ho an'ny tanora ity boky fanofanana ity. Ahitana an'ireto manaraka ireto ity boky ity :

- Lohateny
- Fanoroam-pejy
- Fanafohezan-teny
- Torolalana ankapobeny
- Torolalana hoan'ny mpiofana
- Fandaharam-potoana
- Tombam-pahalalàna
- Tanjona ankapobeny sy tanjona manokana
- Fitaovana fanaovana toman'ezaka

Natao ho ampiasain'ireo mpanentana ara-pahasalamana, mpanabe sy tanora mpanabe olon-tсахala hanovozany hevitra ity boky fanofanana ity.

1. Fitaovana ilain'ny mpanentana ara-pahasalamana, mpanabe sy tanora mpanabe olon-tсахala mandritra ny fiofanana.

Mahazo ireto fitaovana ireto ny mpiofana tsirairay :

- Fitaovana fanoratana : kahie, penina, pensilihazo, gaoma, fitsipika, chemise à rabat.
- Fitaovana entina manantanteraka ny maha mpanentana ara-pahasalamana, mpanabe sy tanora mpanabe olon-tсахala.
- Rejistra fanentanana
- Tatitra isam-bolana
- Fisy fifandraisana
- Karinem-pahasalaman'ny reny
- Kahie hofenoin'ny mpitsidika

2. Torolalana ho an'ny mpiofana

Maharitra 5 andro ny fiofanana.

Voaray an-tanana manomboka ny andro voalohany ka hatramin'ny farany ny mpiofana.

Tena mila fandraisana anjara tanteraka avy amin'ny mpiofana ny fiofanana, indrindra amin'ny fampiharana, hanamora ny fampitana rehefa eny amin'ny sehatry ny fiarahamonina.

Teny Malagasy avokoa ny fiteny ampiasaina mandritra ny fiofanana.

3. Tanjona ankapobe sy ny zava-kendren'ny fanofanana mpanentana ara-pahasalamana, mpanabe sy tanora mpanabe olon-tсахala

3.1. Tanjona ankapoben'ny fampiofanana

Mpanentana ara-pahasalamana, mpanabe sy tanora mpanabe olon-tсахala maharesy lahatra ny tanora eny anivon'ny fiaraha-monina ho amin'ny fiovam-pihetsika.

3.2. Ny zava-kendren'ny fiofanana

Hanome fahaiza-manao ireo mpanentana na tanora mpanabe olon-tсахala na hahavitany an-

tsakany sy an-davany ny andraikitra napetraka taminy ho amin'ny fitarihina ny Vondrona Tanora natsangany sy hanentana ireo Tanora eny anivon'ny fiarahamonina. Hikirakira ny fitaovana entina miasa toy ny karinem-pahasalamana, ny rejisitra fanentanana, ny fisy fifandraisana ary ny fisy tatitra.

4. Tanjona manodidina ny fiofanana

Aorian'ny fiofanana, ny mpanentana ara-pahasalamana sy ny mpanabe ary ny Tanora mpanabe olon-tsahala tsirairay dia ho afaka :

Manoro hevitra mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora.

Taranja 1

ZAVA-MISY MAHAKASIKA NY FAHASALAMAN'NY ZATOVO ETO MADAGASIKARA

1. Ireo olana mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora

1.1. Zava-misy amin 'ny ankapobeny mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo sy tanora

64% n'ny Malagasy dia tanora latsaky ny 25 taona ka 32% n'ireo dia eo anelanelan'ny 10 hatramin'ny 24 taona ary ny 47% dia latsaky ny 15 taona.

Mampivarahontsana ny fahafantarana fa vehivavy folo isan'andro no maty eo am-piterahana ka tanora ny 3 amin'izy ireo.

9% n'ny zatovolaha latsaky ny 15 taona ary 50% n'ny zatovovavy latsaky ny 18 taona dia efa miroso sahady amin'ny firaisana ara-nofa (fanadihadiana ENSOMD 2012-2013).

1.2. Ny antony mahatonga ny tanora tsy hiraika amin'ny fahasalamany ara-pananahana

- **Tsy mahavaly ny Tanora ny tolotra** omen'ny Mpanentana na Mpanabe olon-tsahala na ny mpiasan'ny fahasalamana azy.
- **Ambany loatra ny fari-pahalalan'ny** ankamaroan'ny tanora : ireo tanora tsy nandia fianara na loatra no tena mora tafaroboka amin'ny fanaovana firaisana aloha loatra izay mety hiteraka vohoka aloha loatra ihany koa.

Tabilao 1 : isan-jaton'ny tanora 15-24 taona manao firaisana voalohany araka ny fari-pahaizana

Faripahalalana	Salanisa (%)
Tsy nianatra mihitsy	27
Fanabeazana Fototra	18
Fanabeazana ambaratonga faharoa fototra	7

1.3. Ireo olana

Tamin'ny fanadihadiana natao tamin'ny taona 2012-2013, dia :

- 39% n'ny zatovovavy manambady alohan'ny 18 taona,
- 20% n'ny zatovovavy 15 ka hatramin'ny 19 taona dia nanao firaisana ara-nofa voalohany talohan'ny faha-15 taonany,
- mihoatra ny 40% n'ny vehivavy dia niteraka talohan'ny faha-18 taonany,
- ambany loatra ny fampiasana fandriandram-piterahana,
- tsy misy afa-tsy 18% n'ny tanora 15 ka hatramin'ny 19 taona efa manao firaisana no

mampiasa fomba fandrindram-piterahana,

- 1,5% n'ny tanora zazavavy, 4,1% n'ny tanora zazalahy no nampiasa fimailo tamin'ny firaisana farany nataony.

Maro ny tanora no tsy mahafantatra akory ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara- nofo araka ny tabilao eto ambany :

Tabilao 2 : isan-jaton'ny Tanora 15-24 taona mahafantatra ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara- nofo.

Taona	Isan-jato (%)	
	Lahy	vavy
15-19 taona	44,3	47,5
20-24 taona	24,6	38,5

Noho izany :

- hatsaraina ny tolotra omena ny tanora ;
- hatsaraina ny fomba hanentanana ny tanora mba hananany fitondran-tena mendrika.

Taranja 2

ANDRAIKITRA SY TOETRA TAKIANA AMIN'NY MPIANTSEHATRA IFOTONY

a. Zava-kendrena

Ity taranja ity dia natao hampahafantarana ny andraikitra sahanin' ny mpiantsehatra ifotony, hanampy azy ireo hahafehy ireo toetra takiana aminy.

b. Faharetany : 1 ora

d. Tanjona manokana

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho :

1. manazava ny andraikitra sahanin' ny mpiantsehatra ifotony,
2. mahafehy ireo toetra takiana amin'ny mpiantsehatra ifotony.




TAHIRIN-KEVITRA

1. Ny andraikitra sahanin'ny mpiantsehatra ifotony


Tsara ho fantatry ny mpiantsehatra ifotony ireo asa sy ny andraikitra miandry azy ireo indrindra fa ny fikirakirana ireo fitaovam-pitantanana sy fitaovam-piasana isan-karazany :

- mampifandray sy mandefa ny tanora eny amin'ny tobim-pahasalamana,
- mamantatra ny olana sy ny filàna ara-pahasalamana misy eo anivon'ny mpiaramonina ary mitady vahaolana miaraka amin'ireo tompon'andraikitra ara-teknika sy ara-panjakana eo an-toerana,
- mametraka tanjona ho tratrarina, miainga amin'ireo olana ara-pahasalamana niaraha-

- namaritra,
- mamolavola sy mankatoa ny fitsipika anatin'ny mifehy ny mpanentana sy mpanabe ara-pahasalamana,
 - manentana ireo tanora mikasa na efa mampiasa fomba fandrindram-piterahana,
 - manentana ny tanora mba hanatona eny amin'ny toby raha sendra marary na sendra ny olana ara-pahasalamana,
 - mandray an-tànana ny zaza latsaky ny 5 taona sy ny vehivavy manao fomba fandrindram-piterahana ny mpanentana ara-pahasalamana,
 - manara-maso ny fananahana ara-pahasalaman'ny zatovo sy ny tanora ary ny zaza latsaky ny 5 taona,
 - manao fanisana ny mponina ao anaty fokontany,
 - manao sarin'ny fokontany na ny tanàna iandraiketany,
 - manao drafitrasa,
 - manao tatitra isam-bolana sy mitahiry ny dika mitovy,
 - mivory isam-bolana miaraka amin ny sefo csb,



Mila mitarika tanora



Mizara ho fotoana telo ny fivoriana :

a. Mialoha ny fivoriana

- ampanantsoina ny mpivory,
- omanina ny toeram-pivoriana,
- omanina ny laha-dinika,
- omanina ny lafiny ara-pitaovana (taratasy lehibe, marker, solaitra be, sns).

b. Mandritra ny fivoriana

- miarahaba sy misaotra ny mpivory,
- manao fifankahafantarana (amin'ny alalan'ny lalao na ankamantatra),
- manendry ny olona hitan-tsoratra ny fivoriana,
- mampametraka ny fifampifehezana mandritra ny fivoriana,
- miroso amin'ny votoatin'ny fivoriana : ezahana tsy hivoana amin'ny lohahevitra napetraka ny fivoriana. ampandraisina anjara ny rehetra.
- fehezina ny fandraisana fitenenana mba tsy hihoatra ny fotoana. manao famintinana ary ezahana hivoaka ny fehin-kevitra.
- miroso amin'ny famaranana : fintinina ny resaka natao.
- milaza ny daty hivoriana amin'ny manaraka ary misaotra ny rehetra.

d. Aorian'ny fivoriana

- manao jery todika,
- manao ny tatitry ny fivoriana.

2. Toetra takiana amin'ny mpiantsehatra ifotony

Ireo toetra tokony hananan'ny mpiantsehatra ifotony :

- mahay mamaky teny sy manoratra,
- resy lahatra ny amin'ny fifanampian' ny mpiara-belona,
- mazoto, vonona lalandava ary hiasa an-tsitrapo,
- mavitrika, tia fiaraha-monina sy mahay mifandray ary mahay mampita hevitra amin'ny hafa,
- tsara laza eo amin'ny fiaraha-monina,
- mahatàzona tsiambaratelo,
- mahay mampifantoka ny hafa rehefa mandray fitenenana,
- manetry tena,
- manolo-tena,
- marisika,
- inoan'ny mpiara-monina,
- mahay mifandray amin'ny olona,
- manam-potoana hanatanterahana asa,
- ankasitrahan'ny mpiara-monina,
- afaka mandrindra ny fotoanany,
- modely amin'ny lafiny maro : fiteny, fitondran-tena, fihetsika, fomba amam-panao,
- vonona hanatsara hatrany ny fari-pahalalany,
- vonona hampianatra ireo zatovo sy ny tanora mahakasika ny fananahana ara-pahasalamany, vonona hihaino ny fomba fijerin'ny zatovo sy tanora.

1. Karazam-pifandraisana**1.1. Fifandraisana am-bava**

Ny fifandraisana am-bava dia mitaky ireto fepetra ireto :

- teny tsotra ;
- mazava ;
- fohy ;
- mandanjanja ny lantom-peo ;
- mandanjanja ny hahavon'ny feo ;
- teny iray = heviny iray ;
- tsy manakivy ny hafa ;
- tsy mampiasa voambolana teknika ;
- manonona tsara ;
- tsy miteny haingana loatra.

Mety ho voka-dratsin'ny tsy fahatanterahan'ny fepetra :

- tsy voaray ny hafatra (anjaran'ny mpampita hafatra ny mijery izay fomba hahatafita ny hafatra) ;
- miova ny hafatra voaray ;
- tsy tanteraka ny fiovan-toetra امام-pihetsika andrasana ;
- fihetsika diso no voarain'ny mpandray hafatra.

1.2. Fifandraisana tarafina amin'ny fihetsika

- uhn! uhn! ;
- fijery mifantoka ;
- fihetsika mirindra sy manambara hafatra ;
- fiakanjo mifanaraka amin'ny andraikitra sy amin'ny vondron'olona ifampiresahana ;
- manaiky amin'ny loha ;
- tarehy manambara fihetseham-po.

Fihetsika tsy tokony atao :

- manakombon-tànana ;
- manondro olona amin'ny rantsan-tànana tokana ;
- tànana anaty paosy ;
- mitehin-kiho ;
- mibaby tànana ;
- mihifikifi-doha raha misy hevitra tsy ifanarahana ;
- mivandravandra ;
- fitsiky maneso ;
- mandrahona ;
- tsy mandà avy hatrany ny hevitra diso.

Mpiantsehatra ifotony modely

Fahalalana

- mahafantatra tsara ny olona entanina (fomba amam-panao, fitenenana) ;
- mahay tsara ny zavatra (hafatra) ho resahina ;
- mahafehy ireo teknikam-panentanana sy fandraisana an-tànana.

Fahaiza- manao

Mpiantsehatra ifotony mahay :

- mihaino ny hafa ;
- mandanjalanja ny lantom-peo ;
- mandanjalanja ny hahavon'ny feo ;
- mizara fitenenana ;
- manaja fotoana ;
- mandresy lahatra/manentana ;
- manao fitafiana mifanaraka amin'ny olona entanina ;
- mametraka fanontaniana mitaky fanazavana na hevitra ;
- manaja ny fomba amam-panao eo an-toerana ;
- mifantina ny voambolana ampiasaina ;
- mahatsapa ny fihetseham-pon'ny olona ifampiresahana.

Toetra amam-panahy

- resy lahatra amin'ny izay ataony rehetra ;
- tsy saro-kenatra, sahisahy ;
- sariaka, tsy miavona ;
- mizara hafaliana ;
- mahatarika ;
- manana fitondran-tena mendrika ;
- manaja ny fahamendrehana mahaolona ;
- manaja ny kolontsain'ny hafa ;
- manaja ny hasin'ny aina ;
- mamerina ny rehetra amin'ny lohahevitra raha sendra mivaona amin'izany ;
- mahari-pery ;
- tsy mora tezitra ;
- mahay mandefitra ;
- mahafehy ny fihetseham-po ;
- mahay manindry fo ;
- mahay manapa-kevitra ;
- mahay miatrika ;
- mahafehy tena ;
- mahay mitazona tsiambaratelo ;
- mahay asa famoronana.

Taranja 1

ZO FOTOTRA MAHAKASIKA NY FAHASALAMAN'NY ZATOVO SY NY TANORA

a. Zava-kendrena sy antony

Ity taranja ity dia natao hanampy ireo mpiantsehatra ifotony hampahafantatra ny zatovo sy ny tanora ireo zo fototra sy andraikitra mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora.

b. Faharetany : 45 minitra**d. Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. manome famaritana ny zo sy andraikitra mahakasika ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora,
2. mitanisa ireo karazana zo fototra mikasika ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora.

**TAHIRIN-KEVITRA****1. Famaritana ny zo mikasika ny fahasalamana ara-pananahan'ny zatovo sy ny tanora**

Voafaritra ao amin'ny article 311 amin'ny Code Pénal Malagasy.

Ny zatovo sy ny tanora dia manana zo hisitraka ny fahatanorany. Ao anatin'izany ny fahalalaha ny hianatra sy hilalao ary hiaina eo anivon'ny fianakaviana.

Raha sendra tafiditra ao anatin'ny firaisana ara-nofo anefa ny tanora iray dia mila fitandremana tsara ny fandraisana an-tanana ireny :

- Voalohany, ny ankizy latsaky ny 14 taona dia heverin'ny lalàna fa tsy manana fahafaha-mandinika hahalala ny mahaso azy. Araka izany, na nanaiky aza izy ny hanao firaisana ara-nofo, dia azo enjehana ho nanao fanolanana na fihetsika mamoafady izay niaraka taminy.
- Faharoa, ny raiamandreny no tompon'andraikitra voalohany amin'ny zanany. Izy ireo no miandraikitra ny fitaizana sy fanabeazana azy. Raha toa ka alefany hianatra ny zanany, dia tokony hifantoka amin'ny fianaran' ity farany. Raha misy olona mitarika azy ho amin'ny toe rana hafa ankoatra ny fianarana araka izany dia azo enjehina ho nanao fanodikodinana zaza tsy ampy taona izany olona izany.
- Farany, raha mahafantatra tranga-javatra manokana mahakasika ny zaza tsy ampy taona ny olona iray dia manana adidy ny hilaza izany eny amin'ny manam-pahefana akaiky azy.

2- Ireo karazana zo fototra mikasika ny fahasalaman'ny zatovo sy ny tanora

- zo eo amin'ny fitoviana, manaraka ny lalàna velona : eo amin'ny sehatry ny asa, fanabeazana, fitsaboana, tsy fanavakavahana ara-tsosialy eo anivon'ny fiarahamonina.
- zo handray anjara amin'ny lafiny rehetra : politika, sosialy, ka tsy misy fanavakavahana na lahy na vavy.
- zo eo amin'ny fiainana : hanana fahafahana, fiarovana
- zo eo amin'ny fiainany manokana.
- zo eo amin'ny fizakantena sy fisitrahana ny lalàna.
- zo malalaka eo amin'ny fanehoana ny heviny sy ny eritreriny ary hiditra amin'ny fikambanana.
- zo hisitraka sy hahazo ny fitsaboana mifanaraka amin'ny fivoaran'ny teknolojia sy ny siansa.
- zo hahazo fanabeazana sy vaovao ara-pahasalamana feno sy marina.
- zo ny hanambady na tsia, hiteraka na tsia, ny handrindra fiterahana na tsia, hisafidy ny

isan'ny zaza ateraka sy ny fomba hiterahana.

- zo ho amin'ny fandraisana andraikitra sy famerenana ny fiainany amin'ny laoniny.

Taranja 2

TEKNIKA AMPIASAIN'NY MPIANTSEHATRA IFOTONY (CIP, VAD, DIALCOM = FAOBE)

a. Zavakendrena sy votoatiny

Ity taranja ity dia natao hampitana amin'ireo mpiofana ireo teknika ampiasain'ny mpiantsehatra ifotonyeo anivon'ny fiarahamonina.

b. Faharetany : 30 minitra

d. Tanjona manokana

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. Manazava ireo teknika ampiasain'ny mpiantsehatra ifotony eo anivon'ny fiarahamonina.

TAHIRIN-KEVITRA

1. Teknika ampiasain'ny mpiantsehatra ifotony

1.1. Fifampiresahan'olon-droa

1.1.1. Ny anjara asan'ny mpiantsehatra ifotony :

- mampiasa ireo fahaiza-manao takian'ny fifandraisana mahomby : mahay mihaino ampitoniana, mahay mametraka fanontaniana araka ny tokony ho izy sy amin'ny fotoana mahamety ary, tsy manao ambanin-javatra ny fifandraisana tarafina amin'ny fihetsika ;
- mahay mametraka fanontaniana ahazoana fanazavana na fanehoan-kevitra manakaiky ny fahafaham-pon'ilay olona ka hahatonga azy handray ny safidy voalanzanjanja (choix éclairé) ;
- manaja ny zon'ilay olona mangataka fanampim-panazavana hahafahany mandray fanapahan-kevitra ;
- mandrindra ny karazana fihetseham-po mitranga mandritra ny fotoana ifampiresahana (ny zavatra tiana ambara dia asehon'ny fihetsika, toy izay ny lantom-peo na ny teny ambara).

1.1.2. Ny dingana arahana mba hahalavorary ny fifampiresahan'olon-droa

- Fandraisana mahafinaritra :
 - ampandrosoana am-panajana ao an-trano ;
 - asiana tsikitsiky ;
 - mampahafantatra ny tena ;
 - asaina mipetraka ;
 - omena toky izy fa hijanona ho tsiambaratelo ny resaka rehetra ;
 - anontaniana ny antony hanatonany ilay mpanoro hevitra.
 - milaza ny fizotry ny fifampiresahana :
 - mamporisika azy hametraka fanontaniana ;
 - faritana dieny mialoha ny faharetan'ny fotoana ifampiresahana ;
 - raha tsy afa-po sy araka ny tranga misy dia faritana ny fotoana manaraka.

- Manontany ny olana :
 - ampiana izy amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana mba ho fantatra ny fototry ny olana ;
 - anontaniana izy mahakasika ireo zava-misy manodidina ka misy ifandraisany amin'ilay olana atrehany (fifandraisana amin'ireo fahasalamana'ny zatovo sy ny tanora).
- Manome fahalalana mahakasika ny fahasalamana'ny zatovo sy ny tanora
 - Ireo singa 9 mandrafitra ny fandraisana an-tànana ny zatovo sy tanora manatona Tobim-pahasalamana araka ny tranga :
 - tsenaina eo am-baravarana izy ;
 - miarahaba am-panajana (mandray tanana) ;
 - teny fandraisana (anaranao, asanao, tobim-pahasalamana) ;
 - manontany ny anton-diany ;
 - manome toky fa hanaja ny tsiambaratelonny ;
 - maka ny fitokisany (miresaka izay lohahevitra mety hahaliana azy aloha...) ;
 - mihaino am-pahalinana ny hetahetany, ary aseho fa azo ny tiany ambara ;
 - mamaly amim-pahalemam-panahy sy amim-panajana ;
 - manao veloma amim-pitsikiana ary mijery miaraka aminy ny fotoana iverenany raha ilaina.
- Manome safidy voalanzalanja sy manontany ny fanapaha-keviny

Manana zo sy manana andraikitra hisafidy mahakasika ny fananahana ara-pahasalamany ny tanora sy ny zatovo ary omena azy ny fahalalana rehetra tokony ho fantany, izay mifandray amin'ny olany.

Ho fantany amin'izany hoe : inona no mety ? inona no tsy mety ? ny tombon-tsoan'ny fanapahan-kevitra ho raisiny mialohan'ny hanapahany hevitra (peser le contre et le pour in Life skills). Rehefa izany dia feno ny fepetra hahafahany mandray fanapahan-kevitra.

Tompon'andraikitra amin'izay safidy raisiny hatrany ny tanora.

Fanamarihana : raha tsy vita ny fifampiresahana dia omena fotoana manaraka ifanarahana ny tanora.

1.1.3. Fahasarotana mety hitranga mandritra ny fifampiresahana amin'ilay zatovo na tanora

Olana sedraina	Toetra amam-pihetsika
Tsy miteny tsy mivolana	<ul style="list-style-type: none"> - miezaka mamantatra ny antony - manome azy fotoana itenenana - mamporisika azy handray fitenenana
Mitomany	<ul style="list-style-type: none"> - mamela azy hitomany - mampiseho fiombona alahelo aminy - manazava ny andraikitra ny mpiantsehatra ifotony
Tsy manan-kavaly ilay mpiantsehatra ifotony	<ul style="list-style-type: none"> - ny mpiantsehatra ifotony dia tsy maintsy manaiky ny fanontaniana, ary milaza tsotra raha toa ka tsy manana havaly - manoro lalana ny tanora ho any amin'ny olona iray afaka hahazoany ny valin'ny fanontaniana

Mikasa hamono tena ilay zatovo sy tanora	<ul style="list-style-type: none"> - mijanona ho tony hatrany ny mpiantsehatra ifotonymihaino tsotra, tsy maneho fitsarana na fanamelohana - manazava aminy fa ny famonoan-tena dia tsy ahazoana izay vahaolana tadiavina - mampiseho firaisam-po aminy - mampahery azy
Diso hevitra ilay zatovo sy tanora	ampiana izy hahatsapa izy tenany ihany fa tsy mitombina ny heviny
Manda fanampiana izy	<ul style="list-style-type: none"> - hazavaina aminy ny tombotsoan'ny fanampiana omena azy - manasongadina ny zavatra tsara izay afaka mitondra fanampiana - omena safidy sy ampahafantarina fa andraikiny manontolo ny safidiny
Sadaikatra amin'ny maha lahy na maha vavy ilay mpiantsehatra ifotony, ilay zatovo na ilay tanora	<ul style="list-style-type: none"> - ampahafantarina azy fa afaka miresaka sy manen tana mahakasika ny fananahana ara-pahasalaman'ny zatovo sy ny tanora, na lahy na vavy - entanina izy hifandray amin'ny olona rehetra na lahy na vavy
Tsy ampy ny fotoana ifampiresahana	<ul style="list-style-type: none"> - mampahafantatra ny tanora ny fotoana malalaka afaka hifampiresahana ny mpiantsehatra ifotony - mahay mampakafy ny fotoana fohy ahafahana mihaona - mifanaraka aminy izay ho fotoana manaraka
Tsy afaka tsara ny mifandray amin'ny tanora ny mpiantsehatra ifotony	mametraka tontolo mety hahafinaritra ilay tanora na ilay zatovo hialana amin'ny elanelanatohizana mandra-pahazoan'ny tanora aina tsara
Efa mifankahalala ny mpiantsehatra ifotony sy ny zatovo na tanora	<ul style="list-style-type: none"> - manazava fa mandritra ny fifanakalozan-kevitra, ny mpiantsehatra ifotony dia manazava fa tsy mipetraka aloha ny finamanana. - miantoka ny fanajana ny tsiambaratelo.
Lava resaka na bebe resaka ilay zatovo na tanora	<ul style="list-style-type: none"> - ahato amin'ny fotoana mahamety azy ny resaka (l'interrompre un moment) - averina any amin'ny foto-kevitra niaingana teo aloha.
Manadala(mikaoty namananihany) ny mpiantsehatra ifotony ilay zatovo na tanora	<ul style="list-style-type: none"> - manazava ny andraikity ny mpiantsehatra ifotony aminy - mampiseho fihetsika matotra sy tsotra ny mpiantsehatra ifotony
Mametraka fanontaniana mahakasika ny fiainana manokana ny zatovo na tanora	<ul style="list-style-type: none"> - tsy mamaly ny fanontaniana - manampy ny tanora hanana fitondran-tena manorina sy mahaso

Miandry valiny mahafapo amin'ny mpiantsehatra ifotony ny zatovo na tanora	- tsy sorena - mihaino tsara izay lazainy - amafisina aminy fa anjaran'ny tanora na zatovo tsirairay ny miatrika ny olany
Mino fa tsy voatery hanana vahaolana ho azy ny mpiantsehatra ifotony	- manampy azy hamoaka ny olany - manampy azy hahitany ny vahaolany

1.2. Vangivangy Arahan-dinika (VAD)/dinika ifanaovan'ny olon-droa (DIO)

Mpandray anjara : olona roa

Lohahevitra : iray

:

- fanomezana torohevitra an-kalalahana,
- afaka misafidy vahaolana araka ny tokony ho izy.

Tanjona : hanampy amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Aiza no toerana hanatanterahana azy ?

Tsy mifidy toerana fa na eny amin'ny toeram-piasana, na eny an-dalana, na eny am-panaovana raharaha madinika, sns...

Ireo dingana mandritra ny VAD/DIO :

1. Arahabaina ankafanàna ilay olona.
2. Atomboka amin'ny resadresaka momba ny fiainana andavanandro ny dinidinika.
3. Anontaniana ilay olona raha afaka ny hifampidinika aminao izy.
4. Ampiana ilay olona hamoaka ireo olona mahazo azy.
5. Ampiasaina ny fitaovam-panentanana mifanaraka amin'ny loha-hevitra ifampidinihina.
6. Ametrhana fanontaniana ilay olona mba hilazàny izay fantany mikasika ny lohahevitra.
7. Angatahana ilay olona mba hilaza ny hafatra izay fantany mikasika ny lohahevitra.
8. Fantarina izay mety ho sakana amin'ny fiovam-pihetsika amam-panaony ary iarahana mitady ny vahaolana amin'izany sakana izany.
9. Ampirishina ilay olona hampihatra ilay fomba amam-panao vaovao ary apetraka ny fotoana hihaonana manaraka. Mampiasa sy manome fitaovana fanentanana mifanaraka amin'ny lohahevitra raha misy izany.
10. Isaorana ilay olona noho ny fandraisana ary atao veloma.

1.3. Dinika Amin'ny Vondron'olona (DAV)

Famaritana

Endrika fampitan-kevitra izay atao amin'ny vondron'olona ny DAV ka afaka miteny malalaka ny mpandray anjara tsirairay. Ny DAV dia ahafahana mamaha olona, manovo hevitra vaovao ary mizara fahalalana sy traikefa.

Mpandray anjara : 3 ka hatramin'ny 12

Lohahevitra : roa na telo

: fahafaha-miteny malalaky ny Mpandray anjara rehetra.

Tanjona : - famahana olona ;

- fanovozan-kevitra vaovao ;
- fifampizarana fahalalana sy traikefa.

Ireo dingana arahana amin'ny DAV :

1. Arahabaina ny tsirairay ary atao izay hahafinaritra ny rehetra eo am-piaingana.
2. Hazavaina tsara ny tanjon'ny dinidinika.
3. Fihetsika sy toe-tsaina vonona hifanasoana no aseho :
 - ampirisihina ny rehetra hametraka fanontaniana ary omena valiny araka izay azo atao ;
 - aseho tsara fa liana amin'ny lohahevitra ny tena ;
 - fehezina tsara ny lohahevitra hazavaina ;
 - tsy tokony ho mora tezitra mihitsy.
4. Ampitaina amin'ny fomba mazava sy tsotra ny hafatra :
 - hevitra iray isaky ny miteny no ampitaina ;
 - atao mifanentana amin'ny mpanatrika ny karazana voambolana ampiasaina ;
 - ialàna ny filazana zavatra tsy ilaina akory ;
 - arahana ohatra mazava hatrany izay lazaina ;
 - aseho ny ifandraisan'ny hevitra ampitaina sy ny zavatra iainan'ny mpanatrika.

Fintinina ny resaka nifanaovana ary ifanarahana ny fotoana hihaonana amin'ny manaraka raha ilaina.

1.4. Fanentanana faobe

Famaritana

Endrika fampitan-kevitra izay atao amin'ny fivoriambe ahitana olona maro.

(Oh : fankalazana andro iraisam-pirenena, lanonana, any amin'ny fivoriam-pokontany, any antsekoly, any amin'ny fivoriana maro samihafa). Ny mpanentana, na 1 na 2 na 3, no mampita ny hafatra avy amin'ny famoaboasana fohy (10 min).

- Lohahevitra tokana (Oh : ady amin'ny sida).
- Lohahevitra 2 na 3 (mifandray) : (Oh : ny sakafo ara-pahasalamana sy ny fanasana tànana).

Mpandray anjara : maro (13 no mihoatra). Voaisa na tsy voaisa.

Lohahevitra : roa na telo

- Fomba** : - Fisafidianana lohahevitra mifanaraka amin'ny zava-misy eo amin'ny toerana anaovana ny fanentanana.
- Fanomanana matotra ny famoaboasana ny lohahevitra hampitaina mba ho fohy, mazava, mora azo, ary mampiasa fiteny manaraka ny toerana anentanana (faritra sa ampovoantany).
 - Fiaraha-miasa amin'ny mpanomana ny fanentanana faobe (fangatahan-dàlana sy fampahafantarana izay tiana hatao).

Tanjona : - famahana olana ;

- fampitana zava-baovao ;
- fizarana fahalalana sy traikefa.

Ireo dingana arahana :

1. Arahabaina ny mpanatrika ary atao izay hahafinaritra ny rehetra eo am-piaingana.
2. Hazavaina tsara ny tanjon'ny fanentanana.
3. Fihetsika sy toe-tsaina vonona hifanasoana no aseho :
 - Aseho tsara fa mahafehy sy resy lahatra amin'ny loha-hevitra ny tena ;
 - Fehezina tsara ny lohahevitra hazavaina.

4. Ampitaina amin'ny fomba mazava sy tsotra ny hafatra :

- hevitra iray isaky ny miteny no ampitaina ;
- atao mifanentana amin'ny mpanatrika ny karazana voambolana ampiasaina ;
- ialàna ny filazana zavatra tsy ilaina ;
- arahana ohatra mazava hatrany izay lazaina ;
- aseho ny ifandraisan'ny hevitra ampitaina sy ny zavatra iainan'ny mpanatrika.

Taranja 3

SINGA DIMY MAMPIRISIKA OLONA IRAY HIOVA TOETRA

a. Zavakendrena sy votoatiny

Ity taranja ity dia natao hampitana amin'ireo mpiofana ireo dingan'ny fiovam-pihetsika eo amin'ny olona iray.

b. Faharetany : 45 minitra

d. Tanjona manokana

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. Mitanisa ireo singa mampirisika olona iray hiova toetra.



TAHIRIN-KEVITRA

Dingan'ny fiovan-toetra amam-pihetsika

Ireo Singa enina mahatonga ny olona iray hiova toetra

P : Physique (miantraika amin'ny toe-batana)

R : Rationnel (mifandraika amin'ny fahalalana)


E : Emotionnel (mifandraika amin'ny fihetseham-po)

C : Compétence (mifandraika amin'ny fahaiza-manao)

I : Interpersonnel (vokatry ny fifaneraserana eo amin'ny samy olona)

S : Structurel (vokatry ny tontolo manodidina, ara-tsosialy, ara-panjakana, ara-pivavahana sy finoana, ara-politika sy lalàna)

Ireo an-tanan-tohatra dimy mitondra ho amin'ny fiovan-toetra amam-pihetsika.



Fehin-kevitra

Ny mpampita hafatra dia mandray anjara amin'ny dingana telo voalohan'ny fiovan-toetra amam-pihetsika : mamantatra ny olana, manangona fahalalana, manandrana fiovan-toetra amam-pihetsika.

Anjaran'ny mpiantsehatra ifotony no mananmpy ilay olona tiana hiova toetra sy fihetsika hanatratrarany ny tanjony.

Taranja 4**DINGANA AHATONGAVANA AMIN'NY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MANKANY AMIN'NY FANDRAISANA ANDRAIKITRA****a. Zavakendrena sy votoatiny**

- Ity taranja ity dia natao hampitana amin'ireo mpiofana ho afaka mamantatra ireo dingana ahatongavana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mankany amin'ny fandraisana andraikitra.
- Samy manana izay mety hampirisika azy hiova toetra ny olona tsirairay. Iaina ny mamantatra ny fomba fiainany sy ny tontolo manodidina azy rehefa mifampiresaka aminy.

b. Faharetany : 30 minitra**d. Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka : manazava ireo dingana ahatongavana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mankany amin'ny fandraisana andraikitra.

**TAHIRIN-KEVITRA****Dingana ahatongavana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mankany amin'ny fandraisana andraikitra**

- 1- Fahafantarana ny tena sy fanekena ny maha-izy azy ny tena.
- 2- Fikatsahana fiaraha-miaina mirindra amin'ny hafa.
- 3- Fandraisana fanapahan-kevitra mahasoa ny tena sady manaja ny hafa.

Fehiny

Mifampiankina hatrany ny fahafantarana ny tena, ny fanekena ny maha-izy azy ny tena mba hahazana miara-miaina mirindra amin'ny hafa ka hahafahana mandray fanapahan-kevitra hahatrarana ny tanjom-piainana.

Taranja 5**FAHAZANA MIFANDRAY AMIN'NY RAY AMAN-DRENY****a. Zava-kendrena sy votoatiny**

Ity taranja ity dia natao hanampiana ireo mpiantsehatra ifotony hamporisika ny zatovo sy ny tanora hifanakalo hevitra amin'ny Ray aman-dreniny.

b. Faharetany : 45 minitra**d. Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. mahay mifandray amin'ny Ray aman-dreny.

 **TAHIRIN-KEVITRA**

1. Fanentanana ny zatovo sy ny tanora hifanakalo hevitra amin'ny ray aman-dreny

1.1. Olana fototra

Fanaon'ny zatovo sy ny tanora 12 ka hatramin'ny 15 taona ny mirintona raha toa ka manao fihetsika na fomba fiteny manohintohina azy ny olona mifampiresaka aminy. Tapahany avy hatrany ny fifampiresahana na dia amin'ireo ray aman-dreniny aza. Misy koa ny tanora manana resaka tiana hampitaina nefa sahirana izy ireo amin'ny fitondrana izany resaka izany amin'ny mpiara-monina aminy.

Ny fifampiresahana anefa no anisan'ny mampilamina sy mampandroso ny fiainan'ny olona ao anaty fiarahamonina. Adidin'ny ray aman-dreny ny miteny ny zanany amin'izay mahaso azy. Misy anefa ny tsy fitovian-kevitra eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka matetika, ilaina noho izany ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny roa tonta.

1.2. Toetra amam-pihetsika

- miezaka mifampiresaka amin'ny ray aman-dreny mahakasika ny fiainany andavanandro (fananahana, fitiavana, olana samihafa, sns) ;
- mihaino am-panajana sy am-pahatoniana ny olona miresaka amin'ny tena ;
- resaka am-pitoniana no atao rehefa miresaka amin'ny ray aman-dreny izany hoe : tsy tezitra na mitomany na misentosento na mamalivaly ; tsy mirintona miala ny toerana ifampiresahana ;
- maneho hevitra am-panajana sy am-pahatoniana ny ray aman-dreny ;
- miandry ny fahataperan'ny fifampiresahana hatramin'ny farany.

Taranja 6

FOMBA FAMPIASANA FITAOVAM-PANENTANANA

a. Zavakendrena sy votoatiny

Ity taranja ity dia natao hanampiana ireo mpiantsehatra ifotony hahafantatra ireo fitaovana entina manentana sy ny fomba fampiasana izany.

b. Faharetany : 54 minitra

d. Tanjona manokana

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. mitanisa ireo fitaovana entina manentana,
2. manazava ny fampiasana ireo fitaovam-panentanana.

 **TAHIRIN-KEVITRA**

1. Ireo fitaovana entina manentana

Misy karazany telo (03) ireo fitaovana entina manentana :

- peta-drindrana misy hafatra na kisary,
- kahie misy kisary sy hafatra ary toro-làlana,
- kahie ho an'ny mpanentana.

2. Ny fomba fampiasana ireo fitaovam-panentanana

2.1. peta-drindrina misy hafatra na kisary

Fitaovam-panentanana mahomby sy fampiasa eny anivon'ny fiaraha-monina, manintona kokoa. Apetaka amin'ny toerana be mpandalo, maro olona mivezivzey (tsena, fokontany...).

2.2. kahie misy kisary sy hafatra ary toro-làlana

Fitaovam-panentanana fampiasa sy mahomby ho fanentanana ny tsirairay na mpiofana vitsy an'isa (6 eo no ho eo).

Fampitana hafatra amin'ny alalan'ny kisary.

Mba hampahomby ny fanentanana dia mila omanina ireto manaraka ireto :

- taona, lahy/vavy, fari-pahalalàna, fahazarana, fombafomba,
- ny votoatin'ny hafatra tiana ampitaina : mila voafehy tsara,
- ny fitaovana ampiasaina,
- arafitra tsara ny fizotry ny fanentanana : fanolorana, votoatiny, famintinana, fisaorana,
- fidiana tsara ny toerana sy ny fotoana anaovana ny fanentanana,
- anontaniana dieny mialoha ny loha-hevitra tiany hodinihina,
- ampahatsiahivina azy ny fotoana.

2.3. kahie ho an'ny mpanentana

Fitaovam-panentanana andraiketana ireo fanentanana rehetra natao.

Atao tabilao ka hita ao anatin'izany :

- daty sy toerana nanaovana ny fanentanana,
- isan'ny olona nanatrika ny fanentanana lahy/vavy,
- loha-hevitra,
- olana nosedraina,
- vahaolana na paikady entina mamaha ny olana.

Taranja 1

DINGAM-PIVOARANA VOAJANAHARY MIFANDRAY AMIN'NY FAHASALAMANA ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO SY NY TANORA

a. Zava-kendrena sy votoatiny

Ity taranja ity dia iresahana ireo lohahevitra mifandray amin'ny firaisana ara-nofo ka hahafahana manoro hevitra ireo zatovo sy Tanora.

b. Faharetany : 50 minitra

d. Tanjona manokana

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. manazava ny vanim-potoana maha-zatovo ;
2. manazava ireo fiovana misy mandritra ny vanim-potoana maha-zatovo.



TAHIRIN-KEVITRA

1. Vanim-potoana maha-zatovo

1.1. Famaritana

Ny vanim-potoana maha-zatovo dia vanim-potoana lalovan'ny olona iray izay tsy dia tena voafaritra loatra ny taona.

Araka ny OMS :


- zatovo : 10-19 taona,
- tanora : 20-24 taona,

1.2 Ireo vanim-potoanan'ny maha-Zatovo

Mialoha kely ny mahazatovo	Mandritra ny mahazatovo	Zatovo matoy
<ul style="list-style-type: none">- miova ny vatana- afaka manakatra ny zava-misy- mitsiry fitiavana- te-hahaleo tena.- manohitra sy tia ady hevitra, tia mandresy lahatra.	<ul style="list-style-type: none">- maoty (tomombana ny fiovan'ny vatana)- afaka mamorona zavatra ao an-tsaina- manahy ny hoaviny- manome lanja ny tanora mitovy aminy- te-hanohitra ny hafa- te-hamantatra sy tia andrakandrana.	<ul style="list-style-type: none">- mitombo sy mihamafy ny taolana- afaka mamorona zavatra ao an-tsaina- efa mitsinjo ny ho avy- matoky tena- miverina manaiky sy manakaiky ray aman-dreny- manana olon-tiana- mirona amin'ny firaisana ara-nofo.

2. Fiovana mandritra ny maha-zatovo


2.1. Mihamatotra miandalana ny atidoha



22 na 23 taona any ho any vao matoy ny atidoha misahana ny fihetseham-po : amin'izay vao mahafehy tena, fihetsempo, mandray fanapahan-kevitra am-piheverana

2.2. Mihamatoy ny vatana

- Ry zatovolahy, mety hahabevohoka ianao rehefa tonga amin'ny fahamaotiana raha manao firaisana ara-nofy tsy voaaro.



Tovolahy maoty :

- Maniry volo (filahiana, ambany helika)
- Vaky feo
- Mivelatra ny tratra
- Misy ranonaina

Marihina fa firaisana ara-nofy tsy voaaro indray mandeha monja dia mety hahabevoka.

- Ry zatovovavy, mety ho bevohoka ianao rehefa tonga amin'ny fahamaotiana raha manao firaisana ara-nofy tsy voaaro.



Tovovavy maoty :

- Maniry volo (fivaviana, ambany helika)
- Maniry nono
- Mivelatra ny maoja
- Tonga fadimbolana

Marihina fa firaisana ara-nofy tsy voaaro indray mandeha monja dia mety ho bevohoka.

Taranja 2

FISOROHANA IREO ARETINA AZO AVY AMIN'NY FIRAISANA ARA-NOFO SY NY VOHOKA ALOHA LOATRA

a. Zava-kendrena sy votoatiny

Ity taranja ity dia iresahana momba ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara nofo tsy voaaro. Tsara ho fantatra izany mba hahafahana manentana zatovo sy tanora hanatona tobim-pahasalamana.

b. Faharetany : 45 mn**d. Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. mitanisa ny fisehon'ny Aretina azo Avy amin'ny Firaisana ara-nofa tsy voaaro ;
2. mamantatra ny fomba fifindran'ny aretina ;
3. manazava ny fisorohana Aretina azo Avy amin'ny Firaisana ara-nofa tsy voaaro, ny fomba fampiasana kapaoty ary fomba fisorohana ny vohoka aloha loatra.


TAHIRIN-KEVITRA

Tsarovy fa ara-dalàna rehefa lonaka ny misy tsiranoka toy ny tapotsin'atody madio tsy misy fofona.

1. Ny fisehon'ny Aretina azo Avy amin'ny Firaisana ara-nofa tsy voaaro (AAF)

Eo amin'ny filahiana na fivaviana sy ny manodidina mazàna no ahitana azy :

- mivoaka tsiranoka mampiahiahy,
- fery na maniry zavatra tsy fahita (na dia tsy manaintaina azy),
- atody tarimo,
- mamaivay na mangidihidy,
- mamaivay rehefa mamany,
- marary eo an-dohavaniha,
- manaintaina rehefa manao firaisana ara-nofa,
- te-hivalan-drano matetika,

Alefaso mivantana eny amin'ny Tobim-pahasalamana ny tanora raha misy tranga iray amin'ireo miseho aminy satria efa mamindra aretina avy hatrany izy ireo.

Tsy misy soritr'aretina ny VIH, fa manatona tobim-pahasalamana avy hatrany manao fitiliana indrindra raha misy mampiahiahy.

2. Ireo fomba fifindran'ny AAF

- firaisana ara-nofa tsy voaaro amin'ny olona mitondra ny aretina ;
- famindrana rà mitondra tsimok'aretina ;
- fampiasana fitaovana misy tsimok'aretina tsy voadio ;
- ny reny mitondra ny aretina dia mety hamindra amin'ny zaza ao am-bohoka ;
- nonon-dreny mitondra tsimok'aretina dia mety hamindra amin'ny zanany.

3. Fisorohana ny AAF sy ny vohoka aloha loatra

Antsoina ho vohoka aloha loatra izay vohoka entin'ny vehivavy latsaky ny 18 taona rehetra.

Sady miaro amin'ny vohoka aloha loatra na vohoka tsy nirina ary ny AAF ny tsy fanaovana firaisana ara-nofa.

Afaka miroso amin'ny firaisana ara-nofa raha feno ireto :

- tratra ny tanjona amin'ny fianarana sy miasa ;
- 18 taona no ho mihoatra, hisorohana ny tsy fahatomombanana ara-pahasalamana ;
- manambady ara-dalàna hisorohana ireo olana ara-pivelomana sy ara-panjakana.


Ho an'ny tanora efa miroso amin'ny firaisana ara-nofo kosa :





Ny kapôty irery ihany no sady misoroka vohoka no miaro amin'ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo. (IST, VIH/ SIDA, ...)

- olona iray ihany no iarahana ;
- manao fitiliana matetika hanaraha-maso fahasalamana ;
- mampiasa fandrindram-piterahana hahafahana misafidy ny fotoana hiterahana sy ny isan'ny zaza hateraka ;
- mampiasa kapôty hisorohana ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo sy ny vohoka tsy nirina.



diafragme







Ahitana kapôty eny amin'ny Tobim-pahasalamana.
Hamarino ny daty azo ampiasana azy farany.



Rehefa esorina ny kapoty na ny diafragme dia tsy kasihana tanana mihitsy (ohatra : raisina amin'ny lamba kely) ary tsy fatorana fa avy dia ariana anaty lavapinga.



kapoty



Taranja 3

FISOROHANA VOHOKA TSY IRINA SY FANALAN-JAZA

a. Zava-kendrena sy votoatiny

Ity taranja ity dia iresahana izay tsara ho fantatra ho fisorohana ny vohoka tsy irina sy ny fanalan-jaza izay hahafahana manoro hevitra ireo zatovo sy tanora.

b. Faharetany : 45 mn**d. Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. mitanisa ireo tombontsoa amin'ny tsy fidirana amin'ny firaisana ara-nofa aloha loatra ;
2. mitanisa ireo fomba azo isorohana ny vohoka aloha loatra na tsy irina.

**TAHIRIN-KEVITRA****1. Ireo tombontsoa amin'ny tsy fidirana amin'ny firaisana ara-nofa aloha loatra**

Fomba azo antoka indrindra tsy hitondrana vohoka sady tsy hahazoana AAF ny tsy fanaovana firaisana ara-nofa.

Mety hanahirana ny fitondrana vohoka aloha loatra satria mbola tsy vonona na ara-batana (mety ho saro-piterahana, na voan'ny aretina mamany lava), na ara-tsaina, na ara-piaraha-monina.

Manatombo avo telo heny ny taham-pahafatesana eo am-piterahana hoan'ny zatovo tsy ampy taona raha miohatra amin'ny vehivavy ampy taona.

Araka ny fehezan-dalàna famaizana andininy 311 manan-kery eto Madagasikara dia :

- Voarara ny fanaovana firaisana ara-nofa amin'ny zaza latsaky ny 14 taona ary azo toriana ny lehilahy na vehivavy manao firaisana aminy.
- Tsy afaka miroso amin'ny fanambadiana ny zaza latsaky ny 18 taona raha tsy mahazo alalana avy amin'ny Filohan'ny Fitsarana. Ny Filohan'ny Fitsarana ihany koa no mandray ny fanekena avy amin'ireo ray aman-dreniny amin'ny fanambadian'ny zanany.

Etsy andanin'izany, ny fanalan-jaza dia :

- Voaràran'ny lalàna (Fehezan-dalàna famaizana and 317 : mampigadra na andoavana lamandy)
- Mety hiteraka fahasaratana noho ny fidiran'ny otrikaretina, tetanosy, fahaverezan-drà, faharovitan'ny tranonjaza, fahaloahan'ny tsinay, tsy fahazakana ny fanafody nampiasaina, fahamombana, fahazoana homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza, fahazoana zaza antsosokoditra any aoriana, fanaintainana mitarazoka, fikorontanana ara-pananahana, fahavoazana ara-tsaina, aretina mamany lava, hatramin'ny fahafatesana aza.

2. Fisorohana vohoka aloha loatra na tsy irina : fandrindrana fiterahana

Fomba maro no azo isorohana vohoka. Ny tsy fanaovana firaisana ara-nofa no azo antoka indrindra.

Voalaza manaraka eto ireo karazana fomba isorohana vohoka aloha loatra na tsy irina azo ampiasaina, izay hita eny amin'ny Tobim-pahasalamana. Antsoina mahazatra amin'ny fomba fandrindrana fiterahana izany. Ny sasany amin'izy ireo dia afaka atao eny amin'ny Mpanentana ara-pahasalamana voaofana manokana.

Tsara ho fantatra fa tsy mitovy akory ny fahombiazan'izy ireo, araka ny hita eto amin'ny sary manaraka.

Fampitahana ny fahombiazan'ireo Fomba Fandrindrana Fiterahana

Ny fahombiazan'ireo Fomba Fandrindrana Fiterahana

Ahoana no hanamafisana ny fahombiazan'ilay safidinao ?

Vehivavy iray amin'ny 100 isan-taona no mety ho bevohoka



Vehivavy 30 amin'ny 100 isan-taona no mety ho bevohoka

<p>Fitaovana asisika amin'ny sandry (Implants) DIU Fandidiana tsy mampiteraka ho an'ny vehivavy (Sélectation féminine) Fandidiana tsy mampiteraka ho an'ny lehilahy (Sélectation masculine)</p>	<p>Fitaovana asisika amin'ny sandry, DIU, Fandidiana tsy ahabevohoka ny vehivavy : Tsy misy zavatra atao intsony na mila ho tadidiana aorian'ny fampiasana azy Fandidiana tsy mampiteraka ho an'ny lehilahy : Mampiasa fomba hafa mandritra ny telo volana voalohany ampiasana azy !</p>
<p>Tsindrona tsy mampiteraka (Contraceptifs injectables) MAMA Pilina atelina (Pilles) Fitaovana apetraka an'ny fivaviana (Anneau vaginal) Fitaovana apetraka ao amin'ny hodina tsy mampiteraka (Patch contraceptif)</p>	<p>Tsindrona tsy mampiteraka : Atao ara-potoana ny tsindrona manaraka Manabe aizana ny Mampinono anaka (Azo antoka mandritra ny 6 volana) : mampinono matetika, na andro ana alina, mbola tsy miverina ny fadimbolana, zaza latsaka ny 6 volana Pilina atelina : Mitelina isan'andro «Patch», «anneau» : Tandrovana tsara amin'ny toerany soloana ara-potoana</p>
<p>Fimailo ho an'ny lehilahy (Préservatifs masculins) Diafragma (Diafragme) Fimailo ho an'ny vehivavy (Préservatifs féminins) Fitaovana sy fomba samihafa jerena ny fotoana ny fotoana mahalonaka (Méthodes sensibilisation à la fertilité)</p>	<p>Fimailo, diafragma : Ampiasaina manaraka ny toromarika ny fampiasa azy isaky ny firaisana ara-nofa Fitaovana sy fomba samihafa jerena ny fotoana mahalonaka : rehefa lonaka tsy manao firaisana ara-nofa na mampiasa fimailo, mora ampiasaina kokoa ireo fomba vaovao (Vakan'ny tsingerimbolana / Fijerena ny tsiranoka)</p>
<p>Miala alohan'ny fitsohan'ny tsirinaina (Retrait) Fanafody mamono tsirinaina (Spermicide)</p>	<p>Miala alohan'ny fitsohan'ny tsirinaina Fanafody mamono ny tsirinaina : Ampiasaina manaraka ny toromarika fampiasana azy isaky ny firaisana ara-nofa</p>

Ireo karazana Fomba Fandrindrana fiterahana :

• **Ireo fomba tsy maharitra**

- Tsy fanaovana firaisana
- Pilina atelina, mifangaro na tsy mifangaro
- Tsindrona
- Sakana : kapôty, pilina asisika any amin'ny lalan-jaza
- Fomba voajanahary : vakana, fitsapana hafanàna, fijerena ny tsiloly mivoaka amin'ny vozon'ny tranon- jaza, MAMA (Manabe Aizana ny Mampinono Anaka).

• **Fepetra telon'ny MAMA**

- Tsy mbola niverina ny fadim-bolana
- Nonon-dreny fotsiny ihany.
- Latsaky ny 6 volana ny zaza. Mampinono zaza isaky ny mitady zaza impolo farafahakeliny na andro na alina.

• **Ireo fomba Fomba maharitra**

- Implanon
- DIU na stérilet
- Fanapahana na famatorana ny fantson-tsinainina lahy na vavy

➤ **Implanon :**

Fitaovana miendrika tahon'afokasoka asisika eo amin'ny faritra anatiny amin'ny sandrin'ny vehivavy

Maharitra an-taonany vao esorina.

Toerana ahitana azy : Tobimpahasalamana nahazo fiofanana.

➤ **DIU na stérilet :**

Fitaovana madinika miendrika T atsofoka ao anaty tranon-jaza Maharitra ampolontaona ny fiasany.

Toerana ahitana azy : Tobim-pasalamana nahazo fiofanana

➤ **Fanapahana na fandidiana ny fantson-tsinainina lahy na vavy.**

Taranja 4

FANDRAISANA AN-TANANA NY TANORA MITONDRA VOHOKA

a. Zava-kendrena sy votoatiny

Ity taranja ity dia iresahana izay tsara ho fantatra momba ny fikarakarana ny tanora mitondra vohoka mba hanoroana hevitra azy ireo araka ny tokony ho izy.

b. Faharetany : 45 minitra**d. Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. mamantatra hafatra tokony ampitaina raha sendra vohoka tsy nirina ny tanora.

 **TAHIRIN-KEVITRA**


Raha tojo vohoka aloha loatra na tsy nirina ianao, na niharan'ny herisetra, dia tsarovy fa tsy tapitra hatreo akory ny hoavinao :



Mbola afaka manohy fianarana ianao.



Karakarao ny fahasalamanao, aza manary toky !

- Manatona ireo toerana voatokana mandray ny tanora akaikinao fa afaka manoro hevitra anao izy ireo.
- Makà torohevitra any amin'ny Tobimpahasalamana raha misy mampiahiahy ny toe-pahasalamanao.
- Manatona Tobimpahasalamana raha tojo vohoka tsy nirina hahafantaranao ny tokony hatao

A. FITONDRANA VOHOKA**1. Momba ny vohoka**

Mandehana misafo sy maka torohevitra eny amin'ny Tobim-pahasamalana alohan'ny faha-telo volan'ny zaza ao am-bohoka fa hahasoa anao sy ny zaza izany.


<p>1 volana</p> 	<p>Mitsahatra ny fadimbolana. Matetika mahatsapa fiovana ny reny eto : reraka, fanina, na marary an-doha. Mandoa aza indraindray. Miova ny nonony (mihalehibe sy manaintaina, mihamainty ny lohanono).</p>
<p>3 volana</p> 	<p>Toy ny haben'ny totohondrim-behivavy lehibe ilay zaza eto. Mety mbola tsy ho tsapan'ny reniny anefa izy na dia efa mba manetsika ny tanakeliny sy ny tongokeliny aza.</p>

<p>4 - 6 volana</p> 	<p>Ilay renny : Tsapany mihetsika ao an-kibo ny zaza. Mety ho noana sy reraka lava izy, mivonto orona, na handeha rà aza. Mety hivonto tongotra sy lalandrà, marary lamosina, sarotra mahita tory. Mitete ny nonony. Ilay zaza : Haingam-pitombo be izy eto ka mahatratra hatramin'ny 1,5kg. Efa zaza tomombana izy : mahita, mandre, mitomany ary mitsentsitra tanana aza. Mbola mitohy kosa anefa ny fivelaran'ny atidoha sy ny havokavony mandritra ny herinandro farany. Milanja manodidina ny 2,9 kg ny vavikely ary mihoatra kely ny 3 kg eo ho eo ny lahikely.</p>
<p>7 - 9 volana</p> 	<p>Efa zaza tomombana izy : mahita, mandre, mitomany ary mitsentsitra tanana aza. Mbola mitohy kosa anefa ny fivelaran'ny atidoha sy ny havokavony mandritra ny herinandro farany. Milanja manodidina ny 2,9 kg ny vavikely ary mihoatra kely ny 3 kg eo ho eo ny lahikely.</p>

2. Fanarahamaso ny fahasalamana

- Voara-maso tsara ny fahasalaman'ny renny bevohoka sy ny zaza am-bohoka raha misafo hatramin'ny im-balo alohan'ny hiterahana izy.
- Manaova fitiliana farasisa (syphilis) alohan'ny fahatelo volan'ny kibo hisorohana ny fifindrany amin'ny zaza.





- Matoria anaty lay misy odimoka maharitra ianareo mivady hiaro amin'ny tazomoka.
- Ampiasao ny sakafo miovaova sy be otrikaina vokatra eo an-toerana hanatsarana ny sakafon'ny vadinao bevohoka. Ho zaza tomombana sy mavitrika no haterany.

3. Fiomanana amin'ny fiterahana (plan d'accouchement et d'urgence)

- Omano araka ny torohevitra mandritra ny fisafoana ireo rehetra ilaina ho amin'ny andro hiterahana : vola, mpanaraka, fitaovan'ny zaza, fitaterana, crédit téléphone, laharana téléphone ny mpampiteraka .

Karazana fitaovana enti-miteraka :

- Lafika sachet 1 metatra
- Sora-piankohonana na kara-panondro
- aro tanana
- Savony Nosy na savony vovony (ohatra : Klin)
- vovon-dandihazo
- Salaka atao betsaka sady ngeza
- Silipy 03 na 04 (mafy elastika)
- Kofehy fotsy 1
- Rano mafana (Thermos)
- Anaran-jaza (lahy sy vavy)
- Labozia lehibe (02)
- Carnet vaovao (01)
- Harona sachet lehibe sy kely
- Lamban-jaza
- Akanjon-jaza



4. Fampahafantarana ireo fambara loza




- Ry reny, raha mitranga aminao bevohoka ny iray amin'ireto fambara loza ireto dia manatona haingana ny Tobimpahasalamana akaiky anao indrindra hisorohana ny fahafatesana mety hihatra aminao sy ny zanakao.

Mafana hoditra na mahatsiaro mangatsiaka be



Marary an-doha na marary am-bava fo




Mandoa tsy mijanona



Hatsatra na vony ny tanana



Misy rà na rano na tsiranoka mamofona maimbo mivoaka amin'ny fivaviana



Mandeha rà be mivoaka avy any amin'ny fivaviana



Mivonto ny tongotra , na ny tarehy, na ny tanana



Marary valahana na andohavania



B. FITERAHANA ENY AMIN'NY TOBIM-PAHASALAMANA

Tombontsoa ny miteraka eny amin'ny Tobim pahasalamana



Voaramaso avokoa ny dingana alohan'ny hahaterahana (mihetsi-jaza, sns).

Mamantatra izay tokony hatao amin'ny alalan'ny « partogramme » ny mpampiteraka.

Azo hamaivanina ny fanaintaniana, raha ilaina.

Mitily mialoha ny mety ho fahasaratana (saro-piterahana, tosidrà avo, fahaverezan-drà na soritr'aretina am-piterahana) ao.

Mikarakara manokana ny zaza vao teraka (fampinonoana, foitran-jaza, fameloman'aina izay tsy miaina avy hatrany).

Mikarakara ny renny tsy ho very rà be loatra.

Mitily fahasaratana aorian'ny fiterahana (fampinonoana, tosi-drà, aretina, hatsatra) sy mandray an-tanana izany.




Manoro hevitra momba ny sakafon'ny renny sy ny zaza, fikarakarana ny zaza teraka ary fandrindrana fiterahana.

Manomana ho amin'ny fanoratana kopian-jaza.



D. FANARAHAN-MASO NY FAHASALAMAN'NY RENY SY NY ZAZA AORIAN'NY FITERAHANA

- Ry ray sy reny, samy tokony haraha-maso eny amin'ny Tobim-pahasalamana na ny fahasalaman'ny reny na ny an'ny zaza avy teraka

	<p>RENY</p> <p>Manara-maso ny fahasalaman'ny reny sady mijery sao misy fambara loza sy mikarakara izany</p> <p>Manoro hevitra ara-tsakafo sy fahadiovana ho an'ny reny sy ny zaza vao teraka sady manoro ny reny hampinono</p> <p>Manoro hevitra sy mikarakara momba ny fandrindrana fiterahana ho an'ny vao teraka</p> <p>Mamaly ny fanontanian'ny reny rehetra</p>
<p>ZAZA</p> <p>Manara-maso ny fahasalaman'ny zaza (fahavelomany, lanja, manara-maso ny tsy tonga volana, mijery sao misy tapaka na tsy tomombana)</p> <p>Mikarakara foitran-jaza, maso.</p> <p>Manorohevitra momba ny fahadiovana. Manao vaksiny ny zaza</p>	
<p>Fanaovam-baksiny ny Reny sy ny Zaza :</p> <p>RENY Tohizo eny amin'ny Tobim-pahasalamana ny vaksiny miaro amin'ny Tetanosy</p> <p>ZAZA Vitao alohan'ny faha-herintaonan'ny zaza ireo andiam-baksiny dimy miaro azy amin'ny aretina</p>	

1. Fambara loza ho an'ny reny aorian'ny fiterahana



Raha misy tanora tratan'ny aretina mamany lava vokatry ny fitohizan'ny ny tatavia sy lalanjaza taorian'ny fahasarotam-piterahana na fahafahan-jaza dia :

- ampio izy fa aza ailika ;
- ento ho eny amin'ny Tobim-pahasalamana avy hatrany fa azo tsaboina izany.


2. Fambara loza ho an'ny zaza aorian'ny fahaterahana



Tsy mety minono



Sahirana rehefa miaina (misefosefo, lempona ny tratra)



Zara raha mihetsika, tsy maharay tena na tsy mahatsiaro tena



Mizihitra ny kibo



Mafana be na mangatsiaka be ny hodiny



Mizihitra ny kibo. Mivoara-mena sy mandranika ny foitran'ny



Mivonto sy misy nana na taimaso mavo ny masony



Tazo vony


Misy tsy fahatomombanana ny

Tapaka (fracture) na folaka (luxation)


3. Fandrindrana fiterahana

- Manaova fandrindram-piterahana avy hatrany eny amin'ny Tobim-pahasalamana aorian'ny fiterahana satria mety hiverina telo herinandro aorian'ny niterahana ny fadimbolana.
- Ry Mpivady, ho fahasalaman'ny Reny sy ny Zaza, tokony elanelanina 3 taona ka hatramin'ny 5 taona ny fiterahana.

- Ry reny, tsy miaro ny vehivavy amin'ny vohoka ny Fandrindrana Fiterahana MAMA na Manabe Aizana ny Mampinono Anaka raha toa ka :
 - feno 6 volana ny zaza
 - omena sakafo hafa ankoatra ny nonon-dreny ny zaza
 - miverina ny fadimbolana



- Ry ray sy reny, manaraka mason-tzivana isaky ny hampiasa fomba fandrindrana fiterahana ny Dokotera na Rasazy ho an'ny fahasalamantsika



- Ry reny, andramo fa azo atao eo no ho eo ny mametraka fandrindrana fiterahana maharitra, DIU na Implanon NXT, vao avy teraka

- Ry mpivady, anontanio ny Dokotera na Rasazy ny mety ho vokatry ny fandrindrana fiterahana ampiasainao sy ny tsara ho fantatra momba ny fikarakarana azy ho fisorohana ny fielezan'ny tsaho. Safidy PFPF : implant, DIU, pilina, MAMA, kapôty

E . FIKARAKARANA AORIAN'NY FAHAFAHAN-JAZA

- Ry Reny, raha tojo fahafahan-jaza ianao, manatona Tobim-pahasalamana hisorohana ny mety ho fahasaratana.
- Ho fahasalaman'ny Reny sy ny Zaza, miandrasa 6 volana vao mitoe-jaza indray.
- Hisorohana ny vohoka aorian'ny fahafahan-jaza, mampiasa Fomba Fandrindrana Fiterahana avy hatrany, araka ny safidinao.
- Roa herinandro aorian'ny fahafahan-jaza dia mety ho bevohoka ny vehivavy.

Taranja 5

FANJARIANTSAKAFO

a. Zava-kendrena sy votoatiny

Ity taranja ity dia iresahana momba ny tsingerim-piainana, ny tsingerin'ny tsi-fanjariantsakafo amin'ny taranaka mifandimby. Voalaza ao koa ireo hafatra omena ny zatovo sy tanora mahakasika ny karazan-tsakafo miovaova sy maro loko ilaina. Ny zava-kendrena amin'izany dia ny mba hisorohana ny tsi fanjariantsakafo eo amin'ny zatovo sy tanora.

b. Faharetany : 1 ora sy 10 minitra


d. Tanjona manokana

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. manazava ny tsingerim-piainana sy ny zavatra azo atao isaky ny dingana ;
2. manazava ny tsingerina fiampitan'ny tsi fanjariantsakafo amin'ny taranaka mifandimby ;
3. mamantatra ireo hafatra ho an'ny zatovo sy tanora mahakasika ny fanjariantsakafo.



1. Tsingerim-piainana sy ny zavatra tokony atao isaky ny dingana



Ny fanjariantsakafo dia zava-dehibe indrindra isaky ny dingan'ny tsingerim-piainana.

Noho izany dia tsy maintsy :

- ovaovaina ny sakafo mba hanatsara ny kalitao sy ny otrikaina entiny ;
- ampitomboina ny fihinana ny voankazo sy legioma isan'andro ;
- mihinàna hena, hazan-drano, atody, ronono, sns arak'izay azo atao ;
- mampiasà sira misy ioda isan'andro ;
- mihinàna otrikaina fanampiny raha tsy ampy ny filàna entin'ny sakafo isan'andro.


Marihina fa misy filàna manokana ny zatovo sy ny tanora.

2. Ireo karazan-tsakafo fito miovaova sy maro loko tokony hohanina isan'andro mba hamaly ny filàna

- **Foto-tsakafo mitondra hery** : vary, katsaka, varim-bazaha, apemba, hanikotrana (mangahazo, vomanga, saonjo...).
- **Sakafo avy amin'ny biby** : hena, trondro, atody izay betsaka proteina, vy, ary zinky.
Ny atikena no tena betsaka proteina sy vitamina A fa tsy misy vy.
- **Sakafo azo avy amin'ny ronono** : ronono, fromazy, iaorta izay mitondra kalsioma, proteina, vitamina B ary hery.
- **Voamaina** : pitipoa, kabaro, tsaramaso, voanjo, soja, tsiasisa, voanemba, voatsororoka izay betsaka proteina sy vy. Ao koa ireo sakafo betsaka vitamina C toy ny voatabia, voasarimakirana, voankazo, sy ireo legioma miloko maintso.
- **Voankazo sy legioma miloko mavo sy mena** : karaoty, voatavo, manga, papay, kaky... na miloko maitso antitra toy ny anana, epinara, ravitoto.... mitondra vitamina A.
- **Menaka** : avy amin'ny biby sy zavamaniry mitondra vitamina sy mampatanjaka.
- **Sira misy ioda** (jereo ny «de référence pour agents médicaux et paramédicaux»).

Ny sakafo voalanjalanja dia tokony hamaly ny filàna. Ny filàna tanjaka isan'andro dia miankina amin'ny taona, ny asa aman-draharaha atao ary koa ny mahalahy na vavy.

- Raha tsy dia mampiasa vatana loatra dia 2 500 kcal (tovovavy) ; 3000 kcal (tovolahy).
- Raha mpanao fanatanjahan-tena dia mahatratra 3 500 kcal.
- Tokony hisotro rano 1,5 litatra isan'andro.
- Sorohana ny mitsakotsako anelanelan'ny sakafo, ny manendry zava-mahadomelina.



Ny tsifanjarian-tsakafo

Misy karazany roa :

- Ny tsy fahampiana ara-tsakafo dia mahatonga fahataran'ny fitomboana, faharefoana, fahabadoana, fahadontoana, tsy fahampian-drà, varingisa (goitre), tsy fahampiana sokay, sns...
- Ny fihoaran'ny sakafo dia mitarika hatavezana tafahoatra, aretina toy ny fiakaran'ny tosi-drà, diabeta, aretin'ny fo sy ny lalandrà, sns...

3. Hafatra hoan'ny zatovo sy tanora mahakasika ny fanjariantsakafo

Mila hery bebe kokoa ny zatovo sy ny tanora ahafahany mitombo sy mivelatra. Noho izany dia

tokony ampitomboina ny proteina, gliosida, menaka ary vitamina sy mineraly avy amin'ny sakafo. Misoroka ireo aretina mety hitranga mandritra ny fahalebiazana toy ny aretin'ny fo sy ny lalandra, homamiadana, aretin'ny taolana sy areti-maso ny fanjariantsakafo mandritra ny fahatanorana. Ny sakafo voalanjalanja miovaova sy maro loko dia ilaina amin'ny fivelaran'ny saina sy ny fiatrehana ny fitondrana vohoka :

- manampy ny fitomboan'ny zatovovavy ara-dalàna ny fihinanany sakafo misy menaka avy amin'ny zavamaniry ;
- mandritra ny fadimbolana dia betsaka ny fer very manaraka ny rà ka mila ampitomboina ny fihinanana sakafo mitondra izany ;
- ny proteina, ny sokay, ny zinky, ny vitamina d sy ny mineraly dia ilaina amin'ny fitomboan' ny taolana sy ny nofo ;
- manatombo kokoa ny filàn'ny zatovolahy proteina, fer, zinky sy sokay ;
- ahemotra ho amin'ny 20 taona na mihoatra ny fitondrana vohoka voalohany. ampirisihina ny zatovo sy ny tanora hanohy ny fianarana.
- raha misy tranga na vohoka aloha loatra dia ampirisihina izy hanatona tobim-pahasalamana ahafahana manara-maso ny fahasalamany sy ahazoany torohevitra ara-tsakafo.

Tabilao : karazan-tsakafo mitondra singa ilaina amin'ny fitomboana

Proteina sy zinky	Fer	Sokay
Spiruline, ananambo, soja	Anandrano	Ronono
Hen'omby sy hena kisoa	Atikena	Ronono soja
Akoho amamborona	Akoho amamborona	Fromazy
Trondro sy hazan-dranomasina	Hazan-dranomasina	Habobo, aorta (yaourt)
Voamaina	Betiravy	Dità (thym), épinards
Voanjo, mahabibo,	Tsaramaso mena, voanemba	Huitre, tekateka,

Taranja 6

FIDIOVANA SY FOMBA FIAINA

a. Zava-kendrena sy votoatiny

Ity taranja ity dia natao hanampy ireo mpanentana ara-pahasalamana sy ny mpanabe ary ny tanora mpanabe olon-tsahala amin'ny fanentanana ny zatovo sy tanora hitandro ny fahadiovana.

b. Faharetany : 55 minitra

d. Tanjona manokana

Aorian'ity taranja ity ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. mamantatra ny fahadiovana ara-batana tsy maintsy ataon' ny zatovo sy tanora ;
2. mamantatra ny fomba fiaina tsy maintsy arahan'ny zatovo sy tanora ;
3. mitanisa ireo fambara manaitra manoloana ny fikorontanana ara-tsaina.

1. Fahadiovana

1.1. Fahadiovana ara-batana

Miantoka ny fahasalamana ny fahadiovan'ny vatana manontolo isan'andro :

- fanadiovana ny orona, ny sofina, ny maso ;
- fahasalaman'ny nify sy ny ati-vava : fikosehana ny nify mandritra ny 3 min, in-3 isan'andro aorian'ny sakafo na dia tsy misy «pâte dentifrice» aza. kosehina avy any amin'ny hihy mankany amin'ny nify ary sokirina tsara ny anatin'ny sy ny ivelany, soloina isan-3 volana ny borosy nify ;
- fanadiovana ny helika ;
- fanasana tanana amin'ny savony na lavenona : mandritra ny 40 - 60 segondra amin'ny rano sy savony na lavenona (alohan'ny hikarakara sakafo, alohan'ny hisakafo sy hanome sakafo ny zaza, aorian'ny fivoahana any amin'ny kabone sy avy mamitra zaza, avy milalao, sns...) ;
- fanasana ny fivaviana sy filahiana isan'andro ;
- diovana manontolo ny ivelany sy ny manodidina hatramin'ny lavabody ;
- fafana ho maina tsara ny fivaviana sy ny filahiana aorian'ny fiasana satria ny hamandoana dia mampirongatra ny otrikaretina ;
- hoan'ny vehivavy, tsy ilaina ny misikotra anaty lalan-jaza rehefa misasa fa manimba ny temotry ny lalan-jaza ary mety mitondra otrikaretina any anaty ; tsy mampiasa savony rehefa misasa ;
- fanetezana ny volo eo amin'ny filahiana sy ny fivaviana farafahakeliny isaky ny tapa-bolana, na mahatsiaro fa lava ireo volo.

1.2. Fahadiovana mandritry ny fadimbolana

Ny fanaovana an-tsirambina ny fahadiovana mandritry ny fadimbolana dia mitarika voka-dratsy eo amin'ny fiainan'ny zatovovavy toy ny fofona ratsy, hidihidy, malailay, mampitombo otrik'aretina ao anatin'ny fivaviana, fanesoana, fanilikiliana, henatra, fitokana-monina, fahalainana mandeha an-tsekoly, sns...

Ireto avy no tokony atao :

- sasàna indroa isan'andro farafahakeliny ny fivaviana mba tsy hampihombo ny tsimok'aretina ;
- mandro/misaika isan'andro ;
- soloina farafahakeliny intelo isan'andro ny salaka. mahasalama kokoa ny mampiasa salaka lamba vita amin'ny landihazo (coton), voasasa, atapy amin'ny hainandro ary voapasoka ;
- fafana avy any aloha mankany aoriana hatrany ny fivaviana sy ny lavabody ;
- manasa tanana isaky ny avy manolo salaka.

2. Fomba fiaina

2.1. Fitafiana ara-pahasalamana

- Soloina isan'andro ny atiakanjo. Tsara raha landihazo (coton) ny atiakanjo, tatinono, kilaoty sy silipo ;
- Akanjo mifanaraka amin'ny toetry ny andro (mafana na mangatsiaka) ;
- Ny mifanakalo na mifampindrana atiakanjo na akanjo fitondra milomano dia mampiakatra ny tahan'ny fifindran'ny otrikaretina sy ny tsimokaretina.

2.2. Torimaso ara-pahasalamana

Ny faharetan'ny torimaso dia tokony ho adiny 6 ka hatramin'ny adiny 8 isanandro. Tsara kokoa ny torimaso ao anatin'ny tapany voalohany amin'ny alina : amin'ny 8 ora alina ka hatramin'ny 3 ora maraina noho izany ialana ny matory tara. Tsy tokony ovaovaina ny ora fatoriana.

2.3. Fonenana ara-pahasalamana

Ny fonenana ara-pahasalamana dia tokony hisy rivotra mifamoivoy, azon'ny masoandro sy tsy misy hamandoana, tsy misy setroka. Diovina isan'andro ny trano. Esorina ny molaly. Sasana sy soloina ny lambam-pandriana sy ny lamba firakotra ary ny servieta farafahakeliny isan-kerinandro.

2.4. Fialan-tsasatra sy fampiasam-batana

- mahasalamana ny fampiasam-batana isan'andro : dia an-tongotra na bisikileta farahakeliny 30 minitra ;
- mampivelatra ny saina sy ny vatana ny fanaovana fanatanjahan-tena ;
- misoroka ny faharerahana ara-tsaina sy ara-batana ny fakan'aina sy fialan-tsasatra ;
- mandreraka ny maso ny fijerena fahitalavitra, finday, kilalao mampiasa maso (jeux video) tafahoatra.

3. Fambara manaitra manoloana ny fikorontanana ara-tsaina

Ireo fambara mifandraika amin'ny fihetsika

Tokony hanaitra ireo fiovam-pihetsika tampoka. Anisan'izany ireto manaraka ireto :

- malahelohelo lava ;
- fiovan'ny fahazotoan-komana ;
- fikorontanan'ny torimaso ;
- tsy manana faharisihana amin'ny fiainana andavanandro ;
- be taraina lava ;
- mitoka-monina, tsy te hiaraka amin'ny olona ;
- fikorontanan'ny vokatra any an-tsekoly ;
- fironana any amin'ny fidorohana zava-mahadomelina ;
- fiovan'ny ara-batana tampoka (mihena na mitombo) ;
- fahasiahana ;
- fandosirana matetika ;
- fangalarana ;
- fihinana fanafody tafahoatra ;
- fiovana eo amin'ny filàna ara-nofo (mihena na mitombo).

Ireo fihetsika ireo dia mety hiafara amin'ny famonoan-tena.

✓ *Ry mpiantsehatra ifotony, alefaso avy hatrany any amin'ny tobim-pahasalamana ny tanora sy zatovo raha tojo ireo tranga ireo na niharan'ny herisetra !*

Taranja 7

ADY AMIN'NY FIDOROHANA NY ZAVAMAHADOMELINA

a. Zava-kendrena sy votoatiny

Ny fanendrena zava-mahadomelina dia mitarika fiankinan-doha rehefa any aoriana. Mitarika loza amin'ny fiainan'ny zatovo sy ny tanora ary ny manodidina ihany koa izany. Mandalo ihany ny fahatsapana filaminan-tsaina, ny hery, ny fahatokisan-tena rehefa mihinana sy misotro na mandrapaka ireny zava-mahadomelina ireny.

Ity taranja ity dia manampy ireo mpiantsehatra rehetra hanoro ny zatovo sy tanora ny voka-dratsin'ny zava-mahadomelina sy ny fisorohana izany.

b. Faharetany : 50 minitra**d. Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. mitanisa ireo karazana zava-mahadomelina,
2. manazava ny vokadratsin'ny fidorohana zava-mahadomelina,
3. manazava ireo lalàna mahakasika ny zava-mahadomelina.

**TAHIRIN-KEVITRA****1. Karazana zava-mahadomelina**

- sigara ;
- paraky ; katy
- alikaola ;
- zava-pisotro misy alikaola ;
- rongony (fohana, hanina, atsyndrona, trohina...)
- karazam-panafody toy ny tsirimpanentana, ny fanafody manala fanaintainana, fanafody mampitombo ny nofo, ireo fanafody ampiasaina amin'ny saina sy ny fiforonan'ny rà...

2. Vokadratsin'ny fidorohana zava-mahadomelina

Manana andraikitra lehibe ny fiaraha-monina amin'ny fanabeazana sy ny fitaizana ny zatovo sy tanora mahakasika ny zava-mahadomelina.

Ireto avy ny voka-dratsin'ny :

- ny aretin-tsaina ;
- ny olana amin'ny lalan-drà sy ny fo, toy ny fahatsentsenan'ny lalandrà, fidinan'ny tosi-drà, ny **fahaingan'ny** fidoboky ny fo ary mety hiafara amin'ny fijanonan'ny fo ;
- ny diabeta ;
- ny fahapotehan'ny aty ;
- ny fahazoana otrikaretina na tsimokaretina avy amin'ny fifandimbiasana fanjaitra ;
- ny fahapotehan'ny voa ;
- ny faharefoana ara-pahasalamana.

3. Lalàna mahakasika ny fidorohana zavamahadomelina

Voarara ary helohin'ny lalàna ny fandraisana na fampiasana zava-mahadomelina tsy nahazoana alalana avy amin'ny Mpitsabo. Lalàna 97-039 ny 4 nov 1997 mahakasika ny zava-mahadomelina :

- Arrêté interministériel N°18171/2003 du 22 octobre 2003 fixant la réglementation en matière d'industrialisation, d'importation et de consommation des produits du tabac à Madagascar (article 9).
- Arrêté interministériel N°29511/2013 du 03 octobre 2013 portant interdiction de fumer dans tous les lieux intérieurs ou clos qui constituent des lieux de travail, lieux publics et transports publics”.

Taranja 8

ADY AMIN' NY HERISETRA AMIN'NY ENDRINY ISAN-KARAZANY

a. Zava-kendrena sy votoatiny :

Ity taranja ity dia iresahana mahakasika ireo endrika herisetra mety hahazo ny zatovo sy ny tanora. Kendrena amin'izany ny hahafehezana ireo mpiantsehatra ifotony azy mba hahafahany manoro hevitra sy mandefa ireo zatovo sy tanora amin'ireo ivotoerana mandray an-tanana azy ireo.

b. Faharetany : 45 minitra

d. Tanjona manokana

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. mitanisa ireo karazana herisetra mety hahazo ny zatovo sy tanora,
2. manazava ny tokony hatao raha sendra tanora iharan'ny herisetra.



TAHIRIN-KEVITRA

1. Karazana herisetra mety hahazo ny zatovo sy tanora

1.1. Heloka manohintohina ny vatana

• Art 295 à 304 CP :

- famonoan'olona niniana ;
- vonoan'olona nisy fanomanana ;
- famonoana ray na reny ;
- famonoan-jaza menavava ;
- fanapoizinana

• Fandrahonana Art 305 à 308 CP

• Art 309 à 318 CP :

- vono sy ratra niniana ;
- fanalan-jaza.

• Art 319 à 329 :

- vono olona tsy nahy ;
- vono sy ratra tsy nahy.

1.2. Fihetsika mamofady (Art 330 à 340 CP)

- fihetsika mamofady imasom-bahoaka ;
- fihetsika mamofady na fametavetana ;
- fanolanana ;
- fihantsiana firaisana ara-nofo ;
- fanolorana asa mampivaro-tena ny hafa ;

- fijangajangana ;
- fanambadiana olona roa.

1.3. Heloka manohintohina ny zaza sy ny fianakaviana

- fanaovana horonan-tсарin-jaza tsy ampy taona manana endrika mamofady ;
- fanarian-jaza ;
- fakana zaza ankeriny ;
- fanodikodinana zaza tsy ampy taona.

2. Tokony hatao raha sendra tanora iharan'ny herisetra :

- fitondrana ny zatovo na tanora iharan'ny herisetra any amin'ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny (fokontany, tobim-pahasalamana, direction de la police des moeurs et de la protection des mineurs, sns...) ;
- fanohanana ara-tsaina.

Taranja 9

FISOROHANA NY HOMAMIADAN'NY VOZON'NY TRANON-JAZA

a. Zava-kendrena sy antony

Ity taranja ity dia natao hampahafantarana sy hanamafy ny fahalalan' ireo mpiantsehatra ifotony mahakasika ny homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza mba ahafahan'izy ireo manentana ny zatovo ny ho amin'ny fisorohana amin'izany.

b. Faharetany : 45 minitra

d. Tanjona manokana

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. manome famaritana ny homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza,
2. manazava ireo antony manampy trotraka sy manafaingana ny fivoaran'ny homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza,
3. manazava ny fisorohana sy fitsaboana ny homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza.

TAHIRIN-KEVITRA

20% ka hatramin'ny 25% ny trangana homamiadana mandalo ao amin'ny Hopitaly lehibe misahana manokana ny homamiadana ao Antananarivo, dia ao amin'ny vozon'ny tranon-jaza. Mihena hatrany ny salan-taonan'ireo olona voany satria 50% n' ny marary dia latsaky ny 45 taona avokoa.

1. Famaritana

Aretina mikiky miandalana ny vozon'ny tranon-jaza ny homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza, ary miafara amin'ny fahafatesana raha tsy voatily sy voatsabo mialoha.

Ny tsimokaretina HPV (Human Papilloma Virus) no mahatonga azy.

2. Ireo antony manampy trotraka sy manafaingana ny fivoaran'ny homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza :

- firaisana ara-nofo aloha loatra (latsaky ny 18 taona) ;
- fanaovana firaisana ara-nofo amin'ny lehilahy maro ;

- fifohana sigara/na fihinanana paraky ;
- aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofy tsy voaaro efa mitarazoka, tsy voatsabo na ratsy tsabo ;
- fitondrana vohoka aloha loatra ;
- fitondrana vohoka maro loatra ;
- fihenana'ny hery fiarovana : ohatra ny vehivavy mitondra ny tsimok'aretina vih ;
- fahantrana, fiarahamonina mivangongo*, sns... ;
- faharatsian'ny fitondran-tena ara-pananahana, fampanofana tena ;
- tsi-fanjariantsakafo ;
- tsy fanaovana fitiliana ny homamiadan'ny vozon'ny tranonjaza.

3. Soritr'aretin'ny homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza

Miandalana ny fihombon'ny aretina amin'ny ankapobeny, saingy malaky kokoa izany raha eo amin'ny olona marefo hery fiarovana. Efa sarotra sitranina ny aretina vao mety hitranga ireto fambara ireto :

- rà avy ao amin'ny fivaviana (ivelan'ny fadimbolana) ;
- marary ny andohavania ;
- marary rehefa manao firaisana ara-nofy ;
- mandeha rà any amin'ny fivaviana rehefa avy manao firaisana ara-nofy.

4. Fisorohana sy fitsaboana ny homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza

- fanaovana vakisiny hpv : ho an'ny tovovavy 9 taona ka hatramin'ny 13 taona mbola tsy nanao firaisana ara-nofy ;
- tsy firosoana amin'ny firaisana ara-nofy aloha loatra ;
- tsy fanaovana firaisana ara-nofy amin'ny lehilahy maro ;
- fahadiovana sy fidiovana amin'ny ankapobeny : ara-tsakafo, ara-ponenana, ara-batana indrindra rehefa mandeha fadim-bolana ny tovovavy ;
- fisorohana sy fitsaboana ny aretina azo avy amin'ny firaisana (ist/vih) ;
- fanaovana ny fandrindram-piterahana ;
- fampiasana kapôty ;
- tsy fihinanana paraky sy tsy fifohana sigara ;
- ho an'ireo vehivavy 25 taona no miakatra : fanaovana fitiliana mialoha eny amin'ny tobim-pahasalamana ahafahana mitsabo ara-potoana sy manao fanaraha-maso ireo tranga ahiana hivadika ho homamiadana ;
- fitsaboana ireo homamiadan'ny vozon'ny tranon-jaza amin'ny alalan'ny fandidiana na fitsaboana manokana.

Taranja 1**FAMOLAVOLANA DRAFITRASA****a. Zava-kendrena sy votoatiny**

Ny drafitrasa dia fitaovana iray natao hamaritana ny tanjona tiana ho tratrarina itsinjovana dieny mialoha ny mety ho tanjaka sy fahalemena ary hanara-maso ny dingana vita ahafahana mandray fepetra. Ny modely DEFI na FANAMBY no fomba tsotra nosafidiana handrafetana sy hanarahamaso ny famolavolana azy. Ny tanora mpanabe olon-tsahala, mpanentana ara-pahasalamana sy mpanabe dia hanampy ireo tanora amin'ny fandrafetana ny drafitrasany.

Ny tanora mpanabe olon-tsahala, mpanentana ara-pahasalamana, mpanabe tsirairay dia tokony hanana ny drafitrasany. Arak'izany dia ilaina ny fifehezan'izy ireo ny famolavolana izany.

b. Faharetany : 125 minitra**d. Tanjona manokana**

Aorian'ity taranja ity ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. manome ny famaritana ny drafitrasa ;
2. mitanisa ireo tombontsoa azo avy amin'ny fanaovana drafitrasa ;
3. mampiasa ny môdely Fanamby mba hanaovana ny drafitrasa ;
4. mamantatra ny antony anaraha-maso ny drafitrasa avy amin'ny laminasa natao.

TOROLALAM-PANOFANANA**FAMOLAVOLANA DRAFITRASA****1- Famaritana**

Ny antsoina hoe drafitrasa dia famaritana mialoha ny asa atao, ny fotoana, ary ny fitaovana ilaina iatrehana olana na toe-javatra iray na anatarana tanjona ahazoana vokatra tsara.

1.1. Ireo tombotsoa azo avy amin'ny fanaovana drafitrasa

- fahafantarana mialoha ny hery ananana,
- fahafantarana mialoha ny fotoana hahatratrarana ny vokatra izay andrasana,
- fahafantarana mialoha ny fahalemena,
- fahafahana mamaritra paik'ady handresena izany fahalemena izany,
- ahafahana manapaka hevitra mialoha na hiroso amin'ny asa na tsia satria fantatra mialoha ny mety ho tombony na fatiantoka,
- ahafahana mamaritra dieny mialoha ny vokatra mety ho azo.

1.2. Modely fanamby hanaovana drafitrasa



1.3. Ahafahana miasa, ny môdely mahakasika ny drafitrasa hitantsika teo aloha dia arafitra ho tabilao.

Daty	Lohahevitra	Toerana aleha	Tanjona kendrena	Asa hotanterahina	Fitaovana ilaina	Maridrefy	Fanarahamaso ny fananterahana	Tompon' andraikitra

Daty nanaovana ny drafitrasa :

Sonia :

2. Fanazavàna

Daty : fotoana hanatanterahana ny asa.

Lohahevitra : Manodidina ny fahasalamana ara-pananahan'ny tanora. Ohatra fiarovana amin'ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo.

Toerana haleha : ny toerana hanatanterahana ny fanentanana

Tanjona kendrena : Faharesen-dahatr'ireo tanora ho entanina

Asa ho tanterahina : VAD na DAV (dinika atao @ vondron'olona) na Fanentanana faobe

Maridrefy :

Fitaovana ilaina : Ireo fitaovana ilaina hanatanterahana ny fanentanana, ohatra : karinem-panentanana, kapôty sns...

Fanaraha-maso ny fanatanterahana : Mba hanamarinana fa tena natao marina ny asa izay nampanaovin'ilay mpanentana ara-pahasalamana sy Tanora noentaniny. Ohatra nasainy namonjy CSB ilay Tanora satria misy fambaran'aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo ; mba hanaramaso ny **fandefasany** tany dia soratany eo ny fisy fifandraisana izay ho fenoin'ny CSB, ny tapany natokana ho azy ary hojeren'ilay mpanentana ara-pahasalamana sy tanora mpanabe olon-tsahala.

Tomponandraikitra : Ny olona hanatanteraka ilay fanentanana nosoratana eo, mety ho ny mpanentana ara-pahasalamana na tanora mpiantsehatra ifotony irery io, mety koa ny Tanora mpikambana ao anaty vondrona.

Taranja 2

FAMPIASANA FITAOVAM-PITANTANANA (85 MN)

a. Zava-kendrena sy votoatiny

Ny asa rehetra tanterahan'ny mpiantsehatra ifotony isan'andro dia raiketiny an-tsoratra ao anaty rejisitra avokoa. Rehefa tonga ny faran'ny volana dia tateriny ao anaty fisy tatitra ny asa notanterahany sy voarakitra ao anaty rejisitra.

Antoka iray ahafahana manatanteraka ny tantsoroka tokony hatao amin'ny mpiantsehatra ifotony ny fahazoana ny tatitr'izy ireo isam-bolana.

b. Faharetany : 95 minitra

d. Tanjona manokana

Aorian'ity taranja ity, ny mpiofana tsirairay dia tokony ho afaka :

1. mameno ireo fitaovam-pitantanana,
2. manazava ny zotran'ny fandefasana tatitra.

1. Fikirakirana fitaovam-pitantanana

1.1. Fampidirana

Ny asa rehetra tanterahan'ny mpiantsehatra ifotony isan'andro dia raiketiny an-tsoratra ao anaty rejisitra avokoa ; rehefa tonga ny faran'ny volana dia tateriny ao anaty fisy tatitra ny asa notanterahany sy voarakitra ao anaty rejisitra. Ny fahazoana ny tatitra alefan'izy ireo no antoka iray ahafahana manatanteraka ny tantsoroka tokony hataony.

1.2. Ireo karazana fitaovam-pitantanana ampiasain'ny Mpiantsehatra ifotony

- rejisitra fanentanana ;

- fisy fifandraisana ;
- tatitra isam-bolana.

1.2.1. Rejisitra fanentanana

Ho fenoin'ny mpiantsehatra ifotony tsirairay isaky ny manao fanentanana izy.

1.2.2. Fisy fifandraisana

Ho fenoin'ny mpiantsehatra ifotony tsirairay isaky ny handefa tanora any amin'ny CSB izy.

1.2.3. Tatitra isam-bolana

Ho fenoin'ny mpiantsehatra ifotony tsirairay isaky ny tonga ny faran'ny volana (ho faritan'ny tompon'andraikitry ny CSB).

2. Fomba famenoana ireo fitaovam-pitantanana

2.1. Rejisitra fanentanana

Mitovy hatrany ny fomba famenoana ny tabilao isaky ny lohahevitra.

Fenoina misesy, avy any ankavia miankavanana, ary avy any ambony midina ambany, tsy misy dinganina :

- fenoina ny taona, ny volana ;
- fenoina misesy ny Faritra, ny Distrika, ny Kaomina ary ny Fokontany misy ilay mpanentana ara-pahasalamana sy Tanora mpiantsehatra ifotony ;
- fenoina indray ny tsanganana : Ahitana tsanganana 17 :
 - Tsanganana (1) : Daty anaovana ny asa fanentanana nosoratana eo.
 - Tsanganana (2), (3), (4) : iresahana ireo karazana asa fanentanana natao (VAD/DIO na DAV, fanentanana faobe)
 - Tsanganana (2) : ho an'ny VAD
 - Tsanganana (3) : ho an'ny DAV
 - Tsanganana (4) : ho an'ny sehosehatra/marionety

Marihina isa 1 eo amin'ny tsanganana (2) raha VAD no natao, eo amin'ny (3) nomarihina raha DAV/ no natao, ary eo amin'ny tsanganana (4) raha seho sehatra/marionety no natao.

Tsanganana (5), (6), (7), (8), (9), (10) : Hitaterana ny isan'ny Tanora lahy na vavy nanatrika ny fanentanana araka ny sokajin-taonany, ka :

- Tsanganana (5) : asiana ny isan'ny Tanora lahy 10 -14 taona
- Tsanganana (6) : asiana ny isan'ny Tanora vavy 10 -14 taona
- Tsanganana (7) : asiana ny isan'ny Tanora lahy 15 -19 taona
- Tsanganana (8) : asiana ny isan'ny Tanora vavy 15 -19 taona
- Tsanganana (9) : asiana ny isan'ny Tanora lahy 20 - 24 taona
- Tsanganana (10) : asiana ny isan'ny Tanora vavy 20 - 24 taona
- Tsanganana (11) : anoratana ny totalin'ny isa azo ao amin'ny tsanganana(5), (6), (7) , (8), (9), (10).
- Tsanganana (11), (12), (13), (14), (15), (16) : Anoratana ny isan'ny sy tanora nalefa any amin'ny CSB satria mila fandraisana an-tànana fandrindrana fiterahana, fisafoana, fitsaboana ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo na fandraisana an-tanana hafa araka ny sokajin-taonany.
- Tsanganana (12) : isan'ny tanora 10 - 14 taona lahy nalefa any amin'ny CSB
- Tsanganana (13) : isan'ny tanora vavy 10 -14 taona nalefa any amin'ny CSB
- Tsanganana (14) : isan'ny tanora lahy 15 -19 taona nalefa any amin'ny CSB

- Tsanganana (15) : isan'ny tanora vavy 15 -19 taona nalefa any amin'ny CSB
- Tsanganana (16) : isan'ny tanora lahy 19 - 24 taona nalefa any amin'ny CSB
- Tsanganana (17) : isan'ny tanora vavy 19 - 24 taona nalefa any amin'ny CSB
- Tsanganana (18) : Anoratana ny totalin'ny isa azo ao amin'ny tsanganana (12), (13), (14), (15), (16), (17)

Marihina fa :

- Rehefa tonga ny faran'ny volana izay daty ho faritana miraka amin'ny Sefo CSB, dia raisina ny rejisitra fanentanana, ary atambatra ny asa vita nandritra io volana io (tsanganana faha 2 ka hatramin'ny faha 18).
- Raha tsy mbola tonga ny faran'ny volana kanefa tapitra ny pejy dia atambatra aloha ny tsanganana tsirairay ary taterina ery amin'ny andalana voalohany amin'ny pejy manaraka, izay vao afaka mameno indray.

2.2. Fisy fifandraisana

Natao ho fenoin'ny mpiantsehatra ifotony isaky ny handefa tanora any amin'ny CSB izy.

Mizara telo lehibe ny fisy :

Fizarana (1) sy (2) : natao ho fenoin'ny mpiantsehatra ifotony. Marihina fa mitovy ihany ny famenoana ireo fizarana roa ireo.

N° : anoratana ny laharan'ny fisy nofenoina.

Daty : daty nandefasana ilay tanora any amin'ny CSB.

Kaominina : ny kaomina misy ilay tanora

Fokontany : ny Fokontany onenan'ilay tanora

Anarana sy fonenan'ny olona alefa any amin'ny CSB : apetraka eo ny anarana sy fonenan'ilay tanora halefa

CSB : anarana na toerana misy ny CSB handefasana ilay tanora

Fandraisana an-tànana nataon'ny : anarana na andraikitr'ilay olona handray ilay tanora

Mpiantsehatra ifotony : marihina X eo amin'ny efa-joro mifanandrify amin'ny torohevitra na fanentanana, na fandefasana any amin'ny CSB araka ny fandraisana an-tànana nataon'ilay mpanentana ara-pahasalamana na tanora mpiantsehatra ifotony.

Anarana sy sonian'ny mpiantsehatra ifotony : soratany eo ny anarany

Fizarana (3) : natao ho fenoin'ny AC na CSB. Rehefa avy nofenoiny dia tapahany eo amin'ny faritra misy tsipika tapatapaka ary ampitondraina ilay tanora mba ho averiny any amin'ilay mpiantsehatra ifotony.

2.3. Tatitra isam-bolana

Fenoina misesy, avy any ankavia miankavanana, ary avy any ambony midina ambany, tsy misy dinganina :

- fenoina ny taona, ny volana ;
- fenoina misesy ny faritra, ny distrika, ny kaomina ary ny fokontany misy ilay mpiantsehatra ifotony, ary ny anarany.

Ny tabilao dia : mitovy firafitra amin'ny rejisitra fanentanana ihany ankoatra ny daty. Natao hiraiketana fotsiny ny tambatry ny tsanganana tsirairay (miampy ny tatitry ny takelaka teo aloha nosoratana ery ambony raha misy) no mahasamihafa azy sy ny rejisitra fanentanana.


- Ny tsanganana (1) dia ahitana ireo karazana lohahevitra.

- Ny tsanganana (2, 3, 4, 5, 6, 7, 8, 9, 10,11,12,13,14,15,16,17,18) : Rehefa avy natambatra ny isaky ny tsanganana tao amin’ny rejisitra fanentanana dia adika ao anaty tatitra.

- Fenoina ny daty nanaovana ny tatitra ary soniavina, dia aterina eny amin’ny CSB.

Ny asa rehetra tanterahan’ny mpiantsehatra ifotony isan’andro dia raiketiny an-tsoratra ao anaty rejisitra avokoa. Rehefa tonga ny faran’ny volana dia tateriny ao anaty fisy tatitra ny asa notanterahany sy voarakitra ao anaty rejisitra.

3. Zotran’ny fampitam-baovao



Taranja 3

FANDREFESANA NY TONDRO

a. Zava-kendrena sy votoatiny

Ny fahombiazan’ny asa rehetra tanterahan’ny mpiantsehatra ifotony rehetra dia refesina amin’ny alalan’ny tondro (indicateurs). Ny tondro dia ny isan’ireo tanora voantana ka tonga nanatona ny tobim-pahasalamana tao anatin’ny iray volana.

b. Faharetany : 10 minitra

d. Tanjona manokana :

Aorian’ity taranja ity ny mpiofana tsirairay dia tokony ho mahay ny tondro ho refesina.

TOVANA

I- TRANGA HAMENOANA IREO FITAOVAM-PITANTANANA MPIANTSEHATRA IFOTONY

1. Ny 2 Aprily 2015 dia nanatanteraka VAD tany Antanambao i Vony mpiantsehatra ifotony. I Nary 14 Taona sy Hanta anabaviny 16 taona no novangiany tao an- tokantranony mikasika ny fanemorana ny firaisana ara-nofo voalohany.
2. Ny 4 Aprily 2015 dia nanao VAD tamina tokatrano na tanora zazalahy tany Atsimotsena izy : I Hery 15 taona sy Toky 17 taona no nentaniny mikasika ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo.
3. Ny 6 Aprily 2015 dia namory Tanora tao amin'ny sekoly tsy miankina ao Antsenakely izy, ka nahatratra 7 ny Tanora zazalahy 14 taona, 3 ny zazavavy 15 taona, 3 ny zazavavy 13 taona ary 4 ny zazalahy 13 taona no nanatrika tao, ary fanentanana mikasika ny fandrindrana fiterahana no nanentana ny tao.
4. Ny 12 Aprily dia nanararaotra an'I Soa 16 taona sy Marie 15 taona teny ampatsakana izy nanentana ny mikasika ny fanalan-jaza sy ny fitondrana vohoka satria fantany fa mitoe-jaza I Soa ary nalefany ho any amin'ny CSB I Soa hisafo.
5. Ny 20 Aprily dia tonga tao aminy I Naivo 15 taona fa nanana olana satria misy tsiranoka mandeha amin'ny filahiany. Nalefany tany amin'ny CSB I Naivo.
Ny 22 Aprily dia nanao ny tatitra izy satria izay no nifanarahana tamin'ny dokotera eny amin'ny CSB hanaterana ny tatitra.

Asa ho tanterahana : Fenoy ireo taovam-pitantanana mifandraika amin'ny asa notanterahan'i Vony.

II- TOMBAM-PAHALALÀNA ALOHA SY AORIAN'NY FIOFANANA (Pré-test/Post test)

1. Marina sa diso :
Ireo tanora tsy dia nandia fianarana loatra dia tsy dia mora tafaroboka loatra amin'ny fanaovana firaisana ara-nofo aloha loatra.
 Marina Diso
2. Marina sa diso :
Ny MPIANTSEHATRA IFOTONY dia hitarika ny Tanora hanao asa sy fialam-boly ankoatra ny fianarana.
 Marina Diso
3. Marina sa diso :
Matotra avy hatrany ny atidoha rehefa tonga eo amin'ny fahatanoràna.
 Marina Diso
4. Mariho ny valiny marina :
 Mankatoa kokoa ny tenin'ny Ray aman-dreny ny Tanora.
 Ny Tanora toa azy no henoin'ny Tanora teny kokoa.
5. Mariho ny valiny diso :
Ny Tanora Mpitarika Mahomby dia :
 Mahay manetsika/mampahery
 Mahatratra tanjona
 Mandatsa raha solafaka ny Tanora iray

6. Marina sa diso :

Rehefa avy manao firaisana ara-nofy, afatotra tsara ny kapôty mba tsy hiparitaka ny ao anatin'ny.

Marina Diso

7. Mariho ny valiny marina :

Tsy bevohoka ny vehivavy raha manao firaisana ara-nofy tsy voaaro mandritra ny :

Fotoana mahalonaka
 Ny vakitsiry
 Fahatogavan'ny fadimbolana

8. Marina sa diso :

Ny zava-dehibe indrindra amin'ny fivoriana dia :

Ny fanaovana tatitra
 Ny mandritra ny fivoriana
 Ny fanomanana, ny fitarihana ary ny firaketana an-tsoratra

9. Marina sa diso :

Tsy misy voka-dratsiny fa fahafinaretanahatrany no azo avy amin'ny fanaovana firaisana ara-nofy voalohany.

Marina Diso

10. Marina sa diso :

Rehefa manao firaisana ara-nofy dia mitovy ihany ny fiantraikany eo amin'ny vehivavy feno taona sy ny tsy feno taona.

Marina Diso

11. Mariho ny valiny diso :

Miaro amin'ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofy ny :

Tsy fanaovana firaisana ara-nofy mialoha ny fanambadiana
 Ny fampiasana kapaoty
 Fisotroana zava-pisotro misy alikôla mialoha ny hanaovana firaisana

12. Mariho ny valiny diso :

Malalaka ny fahazoan'ny tanora mahazo ny tolotra mikasika ny fandrin-drana fiterahana n'aiza n'aiza hakany izany (AC, CSB).
 Manana safidy malalaka ireo tanora maniry hahazo ny tolotra mikasika ny fandrin-drana fiterahana.
 Voafetra ny tolotra mikasika ny fandrin-drana fiterahana azo omena ny Tanora.

13. Marina sa diso :

Atao lavabe ny hafatra amin'izay mazava amin'ny olona andefasana azy.

Marina Diso

14. Mariho ny valiny marina :

Ny VAD dia fifanakalozan-kevitra ifanaovan'olon-droa.

- Ny VAD dia fifanakalozan-kevitra ifanaovan'olona dimy na mihoatra.
 Ny VAD dia fifanakalozan-kevitra ifanaovan'olona marobe.

15. Marina sa diso :

Rehefa manao VAD dia tsy mila mampiasa fitaovam-panentanana fa resaka no atao.

- Marina Diso

16. Marina sa diso :

Rehefa manao DAV dia tsy tokony hiteny ny tsirairay fa mihaino ny Mpitarika no atao.

- Marina Diso

17. Marina sa diso :

Anisan'ny toambo-tsoa azo avy amin'ny fanaovana drafitr'asa ny fahafantarana mialoha ny fahalemena.

- Marina Diso

18. Mariho ny valiny marina :

Ny tatitra isam-bolana dia natao :

- Hilazana ny asa natao nandritra ny volana.
 Hilazana ny alahelo sy hitakiana ny anjara karama.

VALINY

1. Marina sa diso :

Ireo tanora tsy dia nandia fianarana loatra dia tsy dia mora tafaroboka loatra amin'ny fanaovana firaisana ara-nofo aloha loatra.

- Marina Diso

2. Marina sa diso :

Ny MPIANTSEHATRA IFOTONY dia hitarika ny Tanora hanao asa sy fialam-boly ankoatra ny fianarana.

- Marina Diso

3. Marina sa diso :

Matotra avy hatrany ny atidoha rehefa tonga eo amin'ny fahatanoràna.

- Marina Diso

4. Mariho ny valiny marina :

- Mankatoa kokoa ny tenin'ny Ray aman-dreny ny Tanora.
 Ny Tanora toa azy no henoin'ny Tanora teny kokoa.

5. Mariho ny valiny diso :

Ny Tanora Mpitarika Mahomby dia :

- Mahay manetsika/mampahery
 Mahatratra tanjona
 Mandatsa raha solafaka ny Tanora iray

6. Marina sa diso :

Rehefa avy manao firaisana ara-nofa, afatotra tsara ny kapôty mba tsy hiparitaka ny ao anatin'ny.

Marina Diso

7. Mariho ny valiny marina :

Tsy bevohoka ny vehivavy raha manao firaisana ara-nofa tsy voaro mandritra ny :

Fotoana mahalonaka
 Ny vakitsiry
 Fahatogavan'ny fadimbolana

8. Marina sa diso :

Ny zava-dehibe indrindra amin'ny fivoriana dia :

Ny fanaovana tatitra
 Ny mandritra ny fivoriana
 Ny fanomanana, ny fitarihana ary ny firaketana an-tsoratra

9. Marina sa diso :

Tsy misy voka-dratsiny fa fahafinaretana hatrany no azo avy amin'ny fanaovana firaisana ara-nofa voalohany.

Marina Diso

10. Marina sa diso :

Rehefa manao firaisana ara-nofa dia mitovy ihany ny fiantraikany eo amin'ny vehivavy feno taona sy ny tsy feno taona.

Marina Diso

11. Mariho ny valiny diso :

Miaro amin'ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofa ny :

Tsy fanaovana firaisana ara-nofa mialoha ny fanambadiana
 Ny fampiasana kapaoty
 Fisotroana zava-pisotro misy alikôla mialoha ny hanaovana firaisana

12. Mariho ny valiny diso :

Malalaka ny fahazoan'ny tanora mahazo ny tolotra mikasika ny fandrindrana fiterahana n'aiza n'aiza hakany izany (AC, CSB).
 Manana safidy malalaka ireo tanora maniry hahazo ny tolotra mikasika ny fandrindrana fiterahana.
 Voafetra ny tolotra mikasika ny fandrindrana fiterahana azo omena ny Tanora.

13. Marina sa diso :

Atao lavabe ny hafatra amin'izay mazava amin'ny olona andefasana azy.

Marina Diso

14. Mariho ny valiny marina :

Ny VAD dia fifanakalozan-kevitra ifanaovan'olon-droa.
 Ny VAD dia fifanakalozan-kevitra ifanaovan'olona dimy na mihoatra.
 Ny VAD dia fifanakalozan-kevitra ifanaovan'olona marobe.

15. Marina sa diso :

Rehefa manao VAD dia tsy mila mampiasa fitaovam-panentanana fa resaka no atao.

Marina Diso

16. Marina sa diso :

Rehefa manao DAV dia tsy tokony hiteny ny tsirairay fa mihaino ny Mpitarika no atao.

Marina Diso

17. Marina sa diso :

Anisan'ny tombo-tsoa azo avy amin'ny fanaovana drafitr'asa ny fahafantarana mialoha ny fahalemena.

Marina Diso

18. Mariho ny valiny marina :

Ny tatitra isam-bolana dia natao :

Hilazana ny asa natao nandritra ny volana.

Hilazana ny alahelo sy hitakiana ny anjara karama.

III- BOKY NANOVOZAN-KEVITRA

1. Torolalalana ho an'ny Mpiofana (TANORA MPANABE OLON-TSAHALA, MPANENTANA ARA-PAHASALAMANA, MPANABE) Santé net 2 Mai 2013
2. Torolalana ho an'ny Mpampiofana (TANORA MPANABE OLON-TSAHALA, MPANENTANA ARA-PAHASALAMANA, MPANABE) Santé net 2 Mai 2013
3. Manuel PE : techniques de communication interpersonnelle appliquées à la prévention Des IST/VIH/SIDA. SOS pairs éducateurs Nouakchott Mauritanie Décembre 2003
4. Formation en éducation par pair : manuel du Formateur l'Institut de Technologie de l'Éducation et de Management (ITEM) 2010
5. Formation des pairs Educateurs : Manuel de référence pour les pairs éducateurs en sante de la reproduction
6. Education par les pairs pour un avenir viable : manuel pour les jeunes : bureau régional unesco, Dakar, Sénégal 1999
7. Santé des jeunes : MSANP Décembre 2014
8. Guide de référence des prestataires. Ministère de la santé publique 2012
9. Guide de formation des AC et TANORA MPANABE OLON-TSAHALA, MPANENTANA ARA-PAHASALAMANA, MPANABE. Mahefa janvier 2014
10. Torolalana ho an'ny Mpampiofana momba ny tetik'asa mikasika ny Tanora. Mahefa 2014

